# *MITSANGANA EO AM-BARAVARANA AHO KA MANDONDÒNA*

. . .?. . .ary mamonjy antsika amin'ny fahotana Izy. Ary ankehitriny dia hamaky lahateny kely iray fotsiny isika, ary hiresaka aminareo fotoana fohy avy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra. Satria, sady izay koa, izany ilay ampahany ampy tanteraka, dia ny Teny. "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra."

2 Ankehitriny dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny alohan'ny hanokafantsika Ny Teniny.

3 Tompo mpiahy indrindra, faly izahay izao maraina izao nohon'ny tombontsoa izay anananay ny amin'ny fijoroana ao amin'Ny Fanatrehanao, miandrandra Anao, ka miantso Anao ho Rainay. Rehefa mahatsiaro izahay ao amin'ny Soratray, fa Ianao no nilaza hoe, "Mivavaha ianareo hoe, 'Rainay Izay any An-danitra.'" Ny mahafantatra fa tsy madio tanteraka izahay. "Teraka tamin'ny fahotana izahay, notorotoroina tamin'ny heloka, ary tonga teto amin'izao tontolo izao niteny lainga." Ary ory mahantra iray tahaka anay, ary, kanefa, tamin'ny alàlan'ny Ràn'Ny Zanakao, ny Tompo Jesosy, tamin'ny alàlan'ny fahasoavana tsy mendrika izay nomena anay, dia manana tombontsoa izahay ny miandrandra ka manao hoe, "Ray." Oh, toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'izany!

4 Ary, androany, dia hangataka Aminao izahay, Tompo, handinika ny fonay raha manompo izahay. Tonga eto izahay tsy ho an'ny tanjona hafa afa-tsy ny hanompo Anao. Ary ny mahita, ao amin'ity andro lehibe izay iainanay ankehitriny ity, nefa, ilay izy dia toy ny hoe, tsy nahomby ny zavatra rehetra, saingy misy zavatra anankiray azo antoka izay tsy mety diso mihitsy, Jesosy izany. Satria Izy no nilaza taminay, fony Izy teto antany, hoe, "Ny lanitra sy ny tany ho levona, fa Ny Teniko tsy ho diso mihitsy." Antoka iray toy ny inona no anananay, arak'izany, mba hametraka ny fitodiana Mandrakizay an'ny fanahinay eo amin'Ny Teniny!

5 Ary ankehitriny, izany dia, nomena anay Izany, ao amin'ny endrika Boky iray antsoina hoe ny Baiboly, mahafantatra fa nosoratan'ny Fanahy Masina Izany ary amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany no ahafahan'izany ho voadika, enga anie Izy ho tonga ankehitriny eto amin'ity Teny voasoratra ity, ka hiteny amin'ny alàlan'ireo molotra mety maty, ho eo amin'ireo sofina mety maty, ary hanome fahazoana Mandrakizay. Ekeo izany, Ray, mba hanetsehan'izany ny fonay, hitia Azy bebe kokoa. Ary

mba hananana fiombonana Aminy tsaratsara kokoa, hitondrana anay eo amin'ny fiombonana akaiky anankiray.

6 Noho izany, dia hangataka Aminao izahay, izao maraina izao, Tompo, fa misy marary sy manana ilaina maro ato amin'ny fiangonana ary manerana ny firenena, dia enga anie izahay handray an'ireo tombony avy amin'ny Dian-kapon'Ny Vatany, eo amin'ny anay androany, satria izao no voasoratra, hoe, "Izy dia voalefona nohon'ny fahadisoantsika, tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika." Ary araka ny niantsoantsoan'i Davida fahiny hoe, "Misaora ny Tompo, O ry fanahiko, ary aza adinoina ny Fitahiany rehetra; Izay mamela ny helokao rehetra; Izay manasitrana ny aretinao rehetra." Ekeo, androany, Tompo, mba ao amin'ity fanompoana ity, mba ny olona tsirairay ato izay mila na inona na inona, famonjena ho an'ny fanahin'izy ireo, na fanasitranana ho an'ny vatan'izy ireo, enga anie izahay hisintona an'ireo tombontsoa avy amin'io fanatitra lehibe faratampony io androany.

7 Manolotra ny tenanay Aminao izahay ankehitriny, Tompo. Ary mivavaka izahay mba Hiresahanao amin'ny alàlanay, sy hihainonao amin'ny alàlanay, ary hamalianao vavaka. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'Ny Zanakao voatahy izahay, ny Tompo Jesosy Mpamonjinay. Amena.

8 Misy tsara betsaka mihitsy ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, hany ka zavatra sarotra ho an'ny olona rehetra ny mba hifantina Soratra anankiray. Rehefa mamaky ny Teny aho, dia hilaza hoe, "Toa tena tsara izany, hanipika an'izany fotsiny aho. Ary avy eo rehefa mandeha any amin'ny fivoriana manaraka aho, dia hitory eo amin'*ity* lohahevitra ity." Ary hipetraka mandritry ny fotoana fohy aho, ka hihaino ny Fanahy raha miteny Izy. Avy eo tsy hisy afa-tsy kely fotsiny izany, mandra-pamakiako lavidavitra kely, ary hahita zavatra izay toa tsaratsara kokoa mihitsy aza aho. Ary hanipika an'izany aho, ka hanao hoe, "*Ity* no ho resahako, rehefa mandeha any am-piangonana aho amin'ny manaraka." Ary ny—ny zavatra voalohany fantatrareo, ny Baiboliko dia voaisy marika amin'ireo zavatra sasany izay ho resahako rehefa mandeha any am-piangonana aho.

9 Izany no hoe tsara toy ny ahoana ny Tompo, ary sarobidy toy ny ahoana Ny Teniny ho an'ireo Olo-masiny. Ary tombontsoa lehibe iray toy ny inona no ananantsika amin'izao andro izao, ao amin'ity ora ity, ary rehefa toy ny hoe lasa ny fanantenana rehetra, kanefa mahita fototra mafy anankiray, azo antoka, izany dia ny Teny.

10 Tao am-poko andro vitsy lasa izay, araka ny noteneniko tamin-dRahalahy Neville, na nandefa teny nankany aminy, tamin'ny alàlan'ny Anabavintsika Wood, hoe saika hiresaka aho izao maraina izao eo amin'*Ilay Sora-tànana Eo Amin'Ny Rindrina*. Izany dia hafatra iray izay nomen'ny Tompo ahy

teo amin'ny fiaran-dàlamby iray, niverina avy tany California. Fa tao amin'ilay hafatra, dia tena nanaitra ilay izy, ary ora iray tahaka an'izany, hany ka, namela ny olona. . .mahita an'ireo zavatra lehibe, na dia ny amin'io sambon-danitra moderina izay renareo betsaka io aza, dia voambara ao anatin'ny Tenin'Andriamanitra. Ary ny mahita ny ora izay iainantsika, dia azo antoka fa eo amin'ny farany isika. Ary avy eo dia mamela ny olona ao amin'izany toerana izany, nefa avy eo tsy mitondra Hafatra hafa iray hanaraka an'izany, mba hanome an'ireo fanantenan'ilay Fiangonana, amin'izay fotoana izay dia mamela ny olona somary manontany izany, ary manao azy ireo hikorontan-tsaina.

11 Noho izany dia nieritreritra aho fa hiandry hatramin'ny Alahady heriny, hiverina, ary avy eo aho dia hiresaka eo amin'*Ilay Sora-tànana Eo Amin'Ny Rindrina,* amin'ny Alahady maraina. Ary avy eo amin'ny Alahady hariva, dia hiresaka eo amin'ny hoe, "Ny fampakarana ny Fiangonana alohan'ny Fahoriambe." Ary noho izany raha tena antomotra ireo zavatra ireo, amin'izay fotoana izay dia akaiky kokoa noho izany ny Fampakarana, raha mandeha ilay Fiangonana ao amin'ny Faho-. . .alohan'ny Fahoriambe. Noho izany, dia azoko antoka fa azonareo fa mandeha Izy.

12 Ankehitriny dia te-hamaky avy ao amin'ny Bokin'ny Apokalypsy aho, ao amin'ny toko faha-3, mikasika ny fiangonan'izao andro izao. Ary ny andininy faha-14, no hovakiako, manomboka. Apokalypsy 3:14.

> *Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonan'i* Laodikia*; Izao zavatra izao no lazain'ny Amena, ilay vavolombelona mahatoky sy marina, ny fiandohan'ny famoronan'Andriamanitra;*
>
> *Fantatro ireo asanao,. . .ianao dia sady tsy mangatsiaka no tsy mafana: Aleoko ianao* ho *mangatsiaka na mafana.*
>
> *Koa satria matimaty ianao, ka tsy mangatsiaka* na *mafana, dia handò anao avy amin'ny vavako aho.*
>
> *Satria hoy ianao hoe, manan-karena aho, ary mitombo* amin'ny *fananana, ka tsy mila na inona na inona; nefa tsy fantatrao fa ianao dia ory,. . .mahantra,. . . malahelo,. . .jamba, ary mitanjaka:*
>
> *Manoro hevitra anao aho hividy amiko volamena voadio tamin'ny afo, mba* hahatonga *anao hanan-karena; sy fitafiana fotsy, mba hotafianao, sy mba tsy hisehoan'*ny *henatrao nohon'ny fitanjahanao; sy hanosotra ny masonao amin'ny odi-maso, mba hahitanao.*
>
> *Izay rehetra tiako, no anariko sy faiziko: koa mazotoa ianao, ka mibebaha.*

*Indro, mitsangana eo am-baravarana aho, ka mandondòna: raha misy olona mihaino ny feoko,* ka *hamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy aho, ka hiara-hisakafo aminy, ary izy amiko.*

13 Ankehitriny io andininy faha-20 io no iriako handraisana ny lahateny, mba hahitana raha hanome antsika foto-kevitra iray Andriamanitra hoe: *Mitsangana Eo Am-baravarana Aho Ka Mandondòna.*

14 Ity Hafatra manontolo ity izao maraina izao, izay vao avy novakiantsika, dia ireo Tenin'i Kristy Izy tenany, taorian'ny Fitsanganany, miresaka amin'ilay taom-piangonana farany. Araka ny azontsika, dia nisy fiangonana fito tamin'izany andro izany, ireo fiangonana fiton'i Azia. Nanana anjely iray ny tsirairay avy tamin'izy ireo, ary ireo anjely ireo dia nirahina mba hitari-dàlana an'ireo fiangonana ireo nanerana ny taona. Ary tonga eo amin'ilay taom-piangonana farany isika ankehitriny, Laodikia.

15 Ary tsy mahazatra indrindra ny mahita hoe manaitra toy ny ahoana ity zavatra ity izao maraina izao, ahoana no ifandraisan'izany amin'ity fiangonana amin'izao andro izao ity, mba hahita an'ireo toeran'ilay matimaty, sy ilay tsy firaikana ao amin'ilay fiangonana. Ary ahoana fa milaza izy ireo hoe, "Oh, eo amin'ilay fandaharana goavana izahay. Manorina fiangonana iray tapitrisa dolara izahay. Ary miroborobo ny fiangonanay. Manana mambra betsaka noho izay hany nanananay izahay. Ny pasiteranay dia voakarama tsaratsara kokoa. Ary tsaratsara kokoa izahay, ny rehetra." Raha tsy izany no antson'ilay andro!

16 Fa, kanefa, hoy ny Baiboly hoe, "Ianao dia mitanjaka, malahelo, mahantra, jamba."

17 Eritrereto fotsiny, raha ny olona iray no mitanjaka, sy malahelo, sy mahantra, ary jamba, nefa tsy fantany izany. Ankehitriny, raha fantany izany, dia hiezaka hanatsara kokoa ny tenany izy. Handeha haingana hiala amin'ny làlambe izy hitady akanjo. Hiezaka hanatsara kokoa ny tenany izy. Saingy raha ao amin'izany toerana izany izy nefa tsy fantany izany, dia zavatra iray mahatsiravina toy ny inona! Ankehitriny, ary eo anatrehan'izany rehetra izany . . . Tsy izany no lahateniko.

18 Hoy Jesosy hoe, "Mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna. Ary raha misy olona hamoha ny varavarana, dia hiditra ao aminy Aho, ka hiara-hisakafo aminy, ary izy Amiko." Fanasana iray toy ny inona ho an'ny—ny olona iray izay velona ao amin'ity andro ity! Ny mahita an'ireo fahitana mahatsiravina izay jerentsika ankehitriny ireo! Ary miaraka amin'ny fanasana tena be voninahitra hoe, "Hitsangana eo am-baravarana Aho ka handondòna. Ary raha misy olona handre, ka hanokatra, dia hiditra ao aminy Aho; ary hiara-hisakafo aminy Aho, ary izy Amiko." Fiombonana iray toy ny inona! Tombontsoa iray toy

ny inona! Fiombonana iray toy ny inona! Mitsangana eo am-baravarana, mandondòna!

19 Rehefa ilay artista malaza . . . Tsy afaka miantso ny anarany fotsiny aho amin'izao fotoana izao. Nandoko ny sarin'i Jesosy nandondòna teo am-baravarana. Ny sary rehetra, alohan'ny ahafahany ho sary malaza iray, dia tsy maintsy mandalo ao amin'ny efitr'ireo mpitsikera izy, ireo—ireo olona izay artista malaza izay mitsikera an'ilay sary. Hitan'izy ireo ny kilema rehetra izay ao anatin'izany. Noho izany rehefa avy nandalo saiky teo amin'ny efitr'ireo mpitsikera io sary malaza io, dia nanontaniana ilay lehilahy izay nanome an'ilay hosodoko. Hoy ny mpitsikera iray hoe, "Misy zavatra anankiray fotsiny izay hitako tsy mety amin'ny sarinao." Hoy izy hoe, "Adinonao ny nametraka an'ilay hidim-baravarana teo amin'ilay varavarana."

20 Dia hoy ilay mpandoko hoe, "Oh, tsia. Tsy mahazo tsara ianao. Raha tany ivelany ilay hidim-baravarana, dia ho nanainga an'ilay hidim-baravarana Izy ary niditra. Fa tao anatiny ilay hidim-baravarana; ilay olona ao anatiny no tsy maintsy manainga an'ilay hidim-baravarana."

21 Tahaka an'izany ilay izy. Jesosy, miaraka amin'ny Famindrampony rehetra sy ny Fangorahany rehetra, kanefa ianareo no ilay olona izay hamela Azy hiditra na hanakana Azy tsy hiditra. Ianareo no manana an'ilay hidim-baravarana eo amin'ny valahanareo.

22 Ho an'ny inona no handondònan'ny lehilahy iray eo am-baravaran'ny lehilahy hafa iray? Ho inona ilay antony? Nahoana, izany dia mba hahazoana fidirana. Te-hiditra izy. Tiany, manana zavatra izay tiany resahana izy, na zavatra iray haseho anareo, rehefa mandondòna eo amin'ny varavaranareo ny olona iray. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Te-hahazo fidirana iray izy ireo, na fiombonana kely iray, na zavatra iray ho resahana aminareo. Izany no antony andondònan'i Jesosy eo amin'ilay varavarana.

23 Inona no heverinareo, fa nanerana an'ireo taona, ireo antso maro izay tonga eo amin'ny varavaran'ny olona? Ndao isika hiverina mandritry ny fotoana fohy fotsiny.

24 Ndao isika hieritreritra an'ilay Aogosto Kaisara lehibe tamin'ny andron'ny fanapahana Romana. Ahoana moa raha miaramila tsotra iray no nipetraka tao anatin'ny trano bongo kely tany ho any, ka ho tonga avy tany amin'ny lapany i Aogosto Kaisara, ary nandeha nankany amin'ilay trano bongo kely izay nipetrahan'ny mpanompo lahiny, ary nandondòna teo am-baravarana? Ho fientanam-po iray toy ny inona izany ho an'io mpanompo lahy io! Nahoana, ilay emperora lehibe an'i Roma no teo am-baravarany, niezaka hiresaka taminy. Oh, ho faly izy. Ho namoha ny varavarana izy ka niankohoka tamin'ny tavany, ary nanao hoe, "Ry emperora lehibe, midira ato amin'ny

fonenako manetry tena. Ary na inona na inona hitanao ka tianao, dia anao izany." Azo antoka, ho nientanentana izy ny hanana ny—ny tombontsoa iray tahaka an'izany hampiantrano an'ilay emperoran'i Roma tamin'ny androny.

25 Tombontsoa iray toy ny inona izany ho an'ny tantsaha iray, tamin'ny andron'i Adolf Hitler tany Alemaina, ilay führer an'i Alemaina! Raha nandeha nankany an-tranon'ny lehilahy mahantra iray izy, ka nandondòna teo am-baravarana, ary tonga teo am-baravarana ilay lehilahy ka nanainga an'ilay lamban'efitra ary nijery. Ary ilay führer an'i Alemaina, ilay Hitler lehibe, nitsangana teo am-baravarany; ilay mpanapaka, ilay mpanao didy jadona an'i Alemaina. Ho nilaza izy hoe, "Eny, tsy mendrika ny handondònan'ny lehilahy iray tahaka an'izany eo amin'ny varavarako aho. Ny tianao ho lazaina ve dia hoe tehiresaka amiko i Hitler, tantsaha iray?"

26 Nahoana, ho natosiny hisokatra ilay varavarana, ary lavo tamin'ny tavany izy, ka nanao hoe, "Hitler, midira ato antranoko. Azo antoka. Ny zavatra rehetra izay eto dia anao, Führer lehibe an'i Alemaina." Izany tokoa, ho faly izy hanao an'izany. Tsy izany ihany, fa ho efa voahaja izy nanao an'izany, ny mieritreritra fa ho tonga eo am-baravarany i Hitler.

27 Ary tsy maintsy mitandrina ny maha-zava-dehibe an'ilay olona izay mandondòna eo am-baravaranareo ianareo. Misy idiran'izany amin'io. Raha mpangataka iray ilay izy, dia mety manana zò hanakatona ny varavarana ianareo, na tsy handeha hankeo amin'ny varavarana; raha tsy nanana na inona na inona homena azy ianareo, nefa nahatsapa ho nalahelo an'ilay mpangataka. Fa raha olona manan-danja iray izy . . .

28 Hilaza aho, androany, raha—raha tonga eto Jeffersonville ny Filoha Dwight Eisenhower, androany, ka nandondòna teo am-baravaran'ny demokraty tsara iray, dia hahatsapa ho tena voahaja betsaka ianareo handeha eo am-baravarana ka hanao ny Filoha Eisenhower tongasoa. Na dia tsy mifanaraka aminy aza ianareo, ao amin'ny politika, dia azo antoka fa hankasitraka azy mandondòna eo am-baravaranareo ianareo. Satria nahoana? Izy no Filohan'i Etazonia. Izy dia lehilahy iray manan-danja lehibe. Ary na dia tsy mifanaraka aminy aza ianareo, ao amin'ny politika, dia ho voninahitra iray ho an'ny demokraty rehetra izany, ato amin'ity tanàna ity na tanàna hafa, ny hampiantrano ny Filoha Dwight Eisenhower, nohon'ny maha-manan-danja azy amin'ny maha-Filohan'i Etazonia. Lehilahy malaza iray izy, lehilahy mendri-kaja, ary manana toerana mendri-kaja.

29 Vao haingana mihitsy, avy any Angletera, tonga ilay mpanjakavavy. Nandeha nankany Canada izy. Nitsidika nanerana an'i Canada rehetra izy. Tonga teto Etazonia izy avy eo. Ary tsy hisy olona iray eto Etazonia ka tsy ho faly raha hamangy azy ireo io mpanjakavavy io.

30 Inona no ho noeritreretinareo izao maraina izao, raha ilay Mpanjakavavin'i Angletera, na dia tsy iray amin'ireo olony aza ianareo, olona Amerikana iray ianareo, saingy, na izany aza, dia ahoana moa raha ho tonga izy ka handondòna eo am-baravaranareo? Ary hahita an'ireo mpanompovaviny ianareo, sy ny sisa, mitsangana eo. Ary hilaza izy hoe, "Izaho no Mpanjakavavin'i Angletera. Tonga aho hamangy anareo." Ho voninahitra iray toy ny inona izany, nohon'ny maha-manan-danja azy. Izy no mpanjakavavy. Ary ny iray amin'ireo mpanjakavavy lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao dia ny Mpanjakavavin'i Angletera. Kanefa, tsy manana fahefana izy ato amin'ity firenena ity. Fa satria manan-danja izy, dia ho faly ianareo ny hamela azy hiditra. Ho faly aho ny hamela azy hiditra, hahafantatra fa nanana an'ilay tombontsoa sy ny voninahitra aho tamin'ny fampiantranoana an'ilay Mpanjakavavin'i Angletera.

31 Fa, oh, hitsangana eo am-baravarana Jesosy ka handondòna, fa isika hanakana Azy tsy hiditra. Tsy hamoha ny varavarana isika. Hamela Azy handondòna fotsiny isika. Ary iza no manan-danja kokoa noho Jesosy? Teneno amiko hoe iza no olona lehibe kokoa noho Izy. Ary eto Izy dia manao hoe, "Mitsangana eo am-baravarana Aho, ka mandondòna; ary raha misy olona hamoha, dia hiditra Aho."

32 Raha nanana an'ireo Kaisara rehetra ianareo, ireo Hitler rehetra, ny lehilahy sy ny vehivavy malaza rehetra an'izao tontolo izao mitsangana eo anoloan'ny varavaranareo, tsy hanana anankiray mihitsy ianareo, ny rehetra apetraka miaraka, tsy hisy na inona na inona azo ampitahaina amin'ilay Anankiray izay mitsangana eo am-baravarana, isan'andro, ka mandondòna eo amin'ny fonareo: ny Tompo Jesosy. Te-hiditra Izy. Te-hiresaka aminareo Izy. Isan'ireo Olony ianareo. Natao araka ny Endriny ianareo. Olombelona iray izay natao araka ny endrik'Andriamanitra ianareo. Ary maniry mafy ny hiresaka aminareo Izy. Tsy mandeha mankany amin'ilay lehibe fotsiny Izy, ilay malaza. Manatona ny mahantra sy manana ilaina Izy. "Ny olona rehetra izay handre Ny Feoko, ka hamoha ny varavarana, dia hiditra Aho ka hiresaka aminy."

33 Eritrereto fotsiny ny dikan'izany izao maraina izao: Ho an'ilay Mpanjakan'ny Voninahitra. Ho an'ilay IZAHO NO IZY LEHIBE. Ho an'ilay Anankiray Izay tao anatin'ilay roimemy nirehitra. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ho an'ilay Anankiray Izay nanasaraka ny rano tao amin'ny Ranomasina Mena, mba hiampitan'ireo zanak'Isiraely. Na ilay Anankiray Izay niteny ka nipetraka tsara ny masoandro. Ilay Anankiray Izay nanao ny volana sy ny kintana, ka nametraka azy ireo tao amin'ny toerany, mba hamiratra. Ilay Anankiray Izay nanao hoe, "Lazarosy, mivoaha," ary lehilahy iray, maty, efatra andro tao am-pasana, no tonga tamin'ny fiainana indray. Eritrereto izany!

Ilay Anankiray Izay niditra tao an-davaky ny liona niaraka tamin'i Daniela, ka niaro azy tamin'ireo liona. Ilay Anankiray Izay niditra tao anatin'ny lafaoro afo, niaraka tamin'ireo zanaka Hebreo, ka nikopakopaka ny afo niala tamin'izy ireo. Ilay Anankiray Izay nitsangana ka nanao hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana. Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony."

34 Mitsangana eo am-baravaran'ny olombelona lavo iray Izy, mandondòna, ary miezaka ny hahazo fidirana ao amin'ilay fanahy. [Nandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Nefa isika dia nandà an'io Olona lehibe manan-danja io.

35 Oh, hoy ianareo amiko, arak'izany hoe, "Rahalahy Branham, tsy mifanaraka aminao mihitsy aho eto, satria efa namela Azy hiditra aho."

36 Eny, tena tsara izany. Tena faly aho fa nanao an'izany ianareo, namela Azy hiditra. Saingy, avy eo, dia mba fantatrareo moa? Ilay izy dia toy ny hoe rehefa avy namela Azy hiditra eo am-baravarana ianareo, dia manana trano kely—kely maro be ianareo ao am-ponareo. Ary handray Azy eo am-baravarana ianareo hoe, "Mitsangàna eto fotsiny mihitsy, fa aza mijery manerana ny tranoko."

37 Azonareo eritreretina ve ny miteny amin'ilay führer hoe mahazo miditra izy, fa tsy mahazo mijery manerana ny trano? "Ankehitriny, Führer, afaka mijoro eto am-baravarana ianao, Atoa. Hitler, fa aza mijery ao anatin'*ity* efitra kely ity. Aza mijery *eto* ianao. Manana tsiambaratelo kely sasantsasany aho izay tsy tiako ho fantatrao."

38 Tahaka an'izany isika, matetika, izay miantso ny tenantsika ho Kristiana, no itondrantsika an'i Jesosy. "Afaka miditra Ianao. Eny, mino aho fa Ianao no Zanak'Andriamanitra, saingy aza mitsabaka amin'ny asako." Hitanareo? Izany ilay tsipika mampidi-doza. Manana toerana kely ianareo ao am-ponareo, varavarana kely izay miditra ao amin'ireo efitra kely miafina ao am-ponareo. Ireo Kristiana dia manana an'ireo. Ary maro ireo izay mamela an'i Jesosy hiditra, no tsy manaiky hamela an'i Jesosy hanao ny Fanaony. Tsy tena tongasoa tanteraka Izy.

39 Raha tonga ao an-tranonareo aho, ka mandray ahy ianareo, dia tsapako fa rahalahinareo aho. Ary afaka mandeha any amin'izay rehetra tiako handehanana aho, raha tongasoa marina tokoa, raha tonga any an-tranonareo aho. Mahatsapa tahaka an'izany aho raha hoy ianareo hoe, "Tongasoa," izany dia midika fa tongasoa aho na aiza na aiza ao amin'ilay trano. Hanohy handeha hatramin'ny farany fotsiny aho. Raha tehandry vetivety aho, dia handeha ao amin'ny efitra fatoriana. Ary raha tiako ny—ny hihinana vetivety, dia handeha hankany an-dakozia aho. Hahatsapa toy ny hoe tongasoa fotsiny aho.

40 Ary ahoana moa raha tonga any an-tranoko ianareo, na izaho any an-tranonareo, ka hoy ianareo hoe, "Ankehitriny, afaka mitsangana eto mihitsy ianao, saingy aza sahy hamoha an'*ity* varavarana ity. Aza mandeha *eto* ianao"? Tsy ho tena tongasoa aho.

41 Eny, tahaka an'izany ilay izy amin'izao andro izao amin'ireo olona izay miantso ny tenany ho Kristiana. Hoy ianareo hoe, "Oh, mikambana amin'ny fiangonana aho." Tsara izany. Fa hitanareo, ny antony hisian'ny olana betsaka ao amin'ny fiangonana, ny antony isian'ny fifanjevoana betsaka ao amin'ny fiangonana, tsy fifaliana betsaka ao amin'ny fiangonana, dia tsy satria hoe tsy ao Jesosy, izany dia satria tsy afaka manana fidirana ao amin'ireo toerana izay Tiany handehanana Jesosy. Manana an'ireo efitrefitra kely isika, ka hoy isika hoe, "Oh, tsia, aza mikasika an'*ity*. Ankehitriny dia afaka miditra Ianao, saingy, oh, efa ampy hatreo. Hikambana amin'ny fiangonana aho, saingy, kanefa kosa, avelao aho hitantana ny asako manokana."

42 Te-ho mpanapaka faratampony ny tenanareo Jesosy. Ary ny fomba tokana izay Ahafahany mitahy anareo dia rehefa lasa Tomponareo Izy. *Tompo* dia "fanapahana, tompom-pananana." Iza no nanao anareo? Jesosy. Iza no manana zò amin'ny toerana rehetra ao am-ponareo? Ilay Mpamorona. Aza manana tsiambaratelo eo Anatrehany. Sokafy ny fonareo.

43 Ankehitriny dia ndao isika hiresaka, mandritry ny fotoana iray fotsiny na roa, eo amin'ny sasany amin'ireo varavarana kely ireo.

44 Ny iray amin'izy ireo dia varavarana kely iray an'ny fitiavantena. Oh, mahita betsaka an'izany isika ao am-pon'ny milaza ho Kristiana. Tia tena, oh, ianareo . . . Izaho . . . "Ho ahy sy ho an'ny vondroko izany. Raha mbola ao amin'ny anaram-piangonako foana izany, dia mety tsara. Fa raha any ivelany izany, raha tsy fiangonana Batista iray izany, na tsy Presbyteranako izy, na Pentekotistako, raha any ivelan'ny Assemblées izany, na ny sisa, dia tsy tsara."

45 Noho izany, hitanareo, tsy afaka hanana ny fanapahana Kristy. Tsy afaka ny ho Tompo Izy. Raha Tompo Izy, dia mpanapaka Izy.

46 Raha hoy ianareo hoe, "Eny, izaho—tiako Izy hanao zavatra anankiray ho ahy, saingy raha izany no . . . raha afaka mahazo betsaka avy amin'izany aho. Handeha any am-piangonana aho raha hanao ny olona ao amin'ny fiaraha-moniko hihevitra tsaratsara kokoa ny amiko izany." Fa tsy hanokatra an'io varavarana kely io ianareo. "Hanaiky Azy aho, saingy tsy hamela Azy hiditra ao amin'*ity* toerana kely ity, satria efa tahaka an'izany aho hatramin'ny naha-ankizy iray ahy, ary tsapako toy ny hoe mihoatra kely an'ireo karazan'olona ireo mihitsy aho. Hamela an'i Jesosy hiditra aho, saingy tsy handeha any

amin'ny iray amin'ireo misiona tranainy kely ireo mihitsy, iray amin'ireo toerana izay ihorakorahan'izy rehetra hoe 'Amena,' sy 'Voninahitra ho an'Andriamanitra,' ary 'Haleloia.' Hamela Azy hiditra aho, saingy izaho tsy—tsy handeha ho any amin'izany." Tsy Tomponareo Izy.

47 "Ny Ondriko mandre Ny Feoko." Noho izany dia Izy no Tomponareo. Izy no mpanapaka.

48 "Hamela Azy hiditra aho, raha hitondra ahy any amin'ny fiangonana tsara indrindra eto amin'ny tanàna izy ireo."

49 Tsy ahoako izy ireo raha nametraka. . .raha te-hiditra ao anatin'ilay tranom-biby aho. Na aiza na aiza Tiany handehanako, dia te-handeha aho, raha mbola miantso ahy foana Izy. Hamela Azy hiditra ao amin'ireo tany aho fa Izy no Tompoko. Na inona na inona Tiany hatao, dia avelao Izy hanao an'izany.

50 Misy varavarana kely hafa iray antsoina hoe fireharehana. Oh, devoly mainty kely mahatsiravina toy ny inona no voapaingotra tanteraka ao anatin'io fon'ny fireharehana io, mihevitra fa tsaratsara kokoa noho ny olon-kafa iray ianareo. "Eny, tsy handefa an'ireo zanako any aho. Tsy miakanjo tsara izy ireo. Ireo olona izay mandeha any dia tsy ao amin'ny kilasiko."

51 Raha Kristy no Tompo ao am-ponareo, dia kilasy anankiray isika rehetra nohon'ny Fanahy iray. Natao batisa tao amin'ny Vatana iray isika rehetra. Ny fireharehana, dia mahatsapa kely iray fotsiny. . .Fahamboniana kely iray izay anananareo. Oh, tsy tianareo hikasika an'izany Jesosy, satria hanambany ny toeranareo ara-tsosialy ao amin'ilay fiaraha-monina izany. Aleoko manambany ny toerako ara-tsosialy ao amin'ilay fiaraha-monina, toy izay mikosoka ny anarako hiala avy ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Fa tsy hamela Azy hiditra izy ireo. Io fireharehana kely io no mihazona Azy any ivelany.

52 "Oh, Jesosy, eny, hikambana amin'ny fiangonana aho. Hanaiky Anao aho, saingy, oh, aza mijery ato amin'*ity* efitra kely ity. Satria, afaka mipetraka eo amin'ny seza iray eo akaikin'ny varavarana Ianao, fa tsy hamela Anao hiditra ato amin'*ity* efitra kely ity aho." Noho izany dia tsy afaka ho Tomponareo Izy. Tsy maintsy manana fidirana ao amin'ny efitra tsirairay ao amin'ilay trano Izy, ny efitrefitra tsirairay, ireo zavatra kely miafina rehetra an'ny fiainana. Tsy maintsy manana fidirana ao amin'ny kely indrindra amin'izany Izy, amin'izay fotoana izay Izy vao lasa Tompo.

53 Ho an'ny inona no Itiavany hiditra ao am-ponareo? Izany dia mba ho Tomponareo. Mandondòna eo am-baravarana Izy, mba ho Mpamonjinareo. Ary raha mihazona ny fitiavan-tena ianareo, sy fireharehana, sy lolom-po, ary ireo zavatra rehetra ao am-ponareo ireo, dia tsy afaka ho Tompo Izy. Na dia

manaiky Azy hiditra aza ianareo, dia tsy mety ho Tompo Izy. Rehefa Izy no Tompo, dia Tompo amin'ny rehetra Izy. Ary ho an'izany no Andondònany. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] "Oh, Tompo," hoy ianareo. Avelao Izy hiditra.

54 "Te-hiditra Aho ary hisakafo." Ny *misakafo* dia, dia "fiombonana." Rehefa manana fiombonana ianareo, ny iray amin'ny hafa, ahoana fa ny—ny Tompo sy ianareo dia mpinamana. Mpiara-miasa ianareo, ary na inona na inona anananareo, dia Ananany, ihany koa. Na inona na inona Ananany, amin'izay fotoana izay, dia anananareo, ihany koa. Hitanareo, lasa ianareo Izy, mba ahafahanareo ho lasa Izy, ary ny zavatra rehetra dia iraisana.

55 Avy eo dia misy varavarana kely iray hafa ao am-po, izay tiako horesahana izao maraina izao, ary io varavarana kely io dia ny varavaran'ny finoana. Maro be ireo milaza ho Kristiana no tsy te-hamoha an'io varavaran'ny finoana io. Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Tompo, afaka miditra Ianao. Marina izany. Saingy tsy mino aho fa marina ny Baiboly rehetra. Halaiko izay lazain'ny fiangonako, fa tsy handray ny sisa amin'izany aho." Ahoana àry no mba hitahian'ny Tompo anareo? Ahoana no Ahafahany ho Tomponareo sy mpanasitrana anareo, raha tsy afaka manokatra ny varavaran'ny finoana ao am-ponareo Izy? Raha afaka miditra Izy ka handray Azy ianareo, dia hamoha an'io varavarana io Izy. Ary hiditra ao amin'io finoanareo io Izy, ka hisakafo miaraka aminareo Izy, eo amin'ilay varavaran'ny finoana.

56 Oh, te-handray Azy aho, izao maraina izao, ato am-poko, ao amin'ny efitra tsirairay, ao amin'izay rehetra maha-izy ahy. Te-handray Azy eo amin'ny varavarana tsirairay aho. Hanosika azy hivoha, ary mitsangana eo ka manoroka an'ilay kapoakan'ny fitahiana miaraka Aminy, eo am-baravarana, ka manao hoe, "Eny, Tompo, izay rehetra maha-izy ahy, sy izay rehetra ananako, ary ny rehetra, dia Anao. Ndao isika hitsangana eo amin'ity varavarana ity, Tompo, ka hifampiombona. Ndao isika hanana fiombonana eo amin'ny varavaran'ny finoana, Tompo. Ndao isika hanana fiombonana eo amin'ilay varavaran'ny fireharehana, Tompo. Ndao isika hanana fiombonana eo amin'ilay varavaran'ny fitiavan-tena, Tompo. Esory amiko izany rehetra izany, Tompo." Finoana!

57 Oh, hoy ianareo hoe, "Hikambana amin'ny fiangonana aho, saingy mino aho fa efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Amin'izay fotoana izay dia mandà ny hamela ny Tompo hiditra eo amin'ny varavaran'ny finoana ianareo ka haneho ny Tenany aminareo. "Oh, eny," hoy ianareo, "saingy, Rahalahy Branham, Kristiana iray aho." Fantatro, ry malala, fa Kristiana iray ianao, ary mankasitraka an'izany aho, amin'ny fanekena ny Tompo, saingy miaina eo ambanin'ny tombontsoanao ianao. Mihazona

ny varavaranao mikatona ianao. Mihazakazaka avy eo amin'ny andry mankany amin'ny tsato-kazo ianao, sy ny sisa, satria tsy mino ianao.

58 Tsy maintsy mamoha an'io varavaran'ny finoana io ianao, ka mamela Azy hiditra, amin'izay fotoana izay Izy vao hanome anao ny fanirian'ny fonao. "Izay miandry ny Tompo dia hanavao ny heriny. Hiakatra tahaka ny voromahery izy ireo; hihazakazaka izy ireo fa tsy ho sasatra; handeha izy ireo fa tsy ho reraka." "Raha mitoetra ato Amiko ianareo, ary Ny Teniko mitoetra ao aminareo, dia angataho izay tianareo, homena anareo izany." Oh! "Marina tokoa, Lazaiko aminareo, raha hilaza amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,'" ary ao amin'ilay leksika Grika tany am-boalohany, manao hoe, "'mitsangàna ka aoka hatsipy ao anatin'ny ranomasina,' ary mino fa efa vita izany." Oh, oadray! "Minoa fa vita izany; dia ho azonareo izay lazainareo." Izany tokoa.

59 Oh, tsy voatery hisy eo no ho eo izany. Tsy voatery ho tahaka an'izany ilay izy. Tsia tokoa. Raha mbola mino an'izany foana ianareo. Eo no tsy ahombiazan'ny Kristiana amin'izao andro izao.

60 Hoy ny Baiboly hoe, "Ny finoana no fahatokiana an'ireo zavatra antenaina. Izany no porofon'ireo zavatra tsy hita." Noho izany dia inona àry no holazainareo amin'izany? Ankehitriny, tsy angano iray izany. Tsy fisainana iray izany. Tsy fanantenana iray izany. Tsy faniriana iray izany. "Fahatokiana iray izany." Izany dia zavatra iray izay anananareo tokoa.

61 Ohatra, manatona anareo aho, ka milaza aminareo hoe, "Noana aho. Mila manana mofo iray aho."

Dia hoy ianareo hoe, "Inona no ilainao? Ohatrinona ny vola ilainao?"

62 "Mila dimy amby roapolo cents aho, hividianana mofo iray. Noana aho."

63 Dia hoy ianareo hoe, "Ity ilay dimy amby roapolo cents." Ankehitriny, dimy amby roapolo cents no fahefa-mividin'ilay mofo. Ary raha mbola manana an'ireo dimy amby roapolo cents foana aho, dia manana azy. Fahatokiana iray izany. Afaka ny ho faly mihitsy aho, mitsangana eto miaraka amin'ny dimy amby roapolo cents, nefa ilay mofo any amin'ny Spring Street.

64 Oh, isaorana anie Ny Anarany! Tsy mamela Azy hiditra ianareo. Vohay io varavaran'ny finoana io. Rehefa milaza zavatra iray Izy, dia izany no Fahamarinana. Rehefa ho anareo ny Fampanantenany, dia izany ilay fahatokiana. Rehefa mifikitra ny finoana, mba hahafantatra fa tsy afaka mandainga Andriamanitra, dia milamina hatreo izany.

65 Ankehitriny, manana dimy amby roapolo cents aho. Izany dia tsy zavatra iray izay noeritreretiko fotsiny. Ananako ilay dimy

amby roapolo cents. Mivoaka ny varavarana aho. Nahoana, faly fotsiny aho tahaka ahy . . . toy ny nanana an'ilay mofo aho, satria manana an'ilay fahefa-mividy.

66 Ary raha manana ny finoana aho, dia vita ireo asa; raha afaka mamoha an'io varavarana io Izy ka miditra, ary manome ahy ny finoan'Andriamanitra ao am-poko. Tapitra ilay izy, rehefa afaka mino Azy marina tokoa aho. Mety tsy hitranga eo no ho eo ilay izy. Fantatrareo, ny Baiboly no nilaza, fa, "Naharitra i Mosesy, nahita Azy Izay tsy hita maso."

67 Maro aminareo no tany mba hahita an'*Ireo Didy Folo* izay efa niseho tany Louisville nandritry ny fotoana vitsy. Sary mahafinaritra.

68 Ankehitriny, "Niaritra i Mosesy, raha nahita Azy Izay tsy hita maso." Ilay tsy hita maso, *niaritra* izy, izany dia midika hoe, izy "dia nifikitra."

69 Abrahama, rehefa nomena ny teny fikasana izy, rehefa dimy amby fitopolo taona izy, hoe hahazo zanaka iray avy amin'i Saraha izy, dia nilamina hatreo izany. Ilay tena ora izay nanokafan'i Abrahama ny fony mihitsy, sy ny varavaran'ny finoany, ka nanao hoe, "Ho vita izany." Ary rehefa nihaantitra izy, izy . . . Hoy ny Baiboly hoe, "Tsy nalemy mihitsy izy, tamin'ny tsi-finoana; fa nahery tamin'ny finoana, nanome dera an'Andriamanitra, satria fantany fa Izy dia mahay manatanteraka an'izay Nolazainy." Izany no finoana. Lasa ireo taona. Saraha, tsy misy fahasamihafana. "Fa tsy niahanahana tamin'ny teny fikasan'Andriamanitra izy, tamin'ny tsi-finoana; fa nahery, nanome dera an'Andriamanitra."

70 Isika izay miantso ny tenantsika ho Kristiana, dia mamela an'i Jesosy hiditra isika. Hoy ianareo, "Oh, Kristiana iray aho." Ary afaka hivavahana ianareo, na hosorana, na hanao an'izay lazain'Andriamanitra hatao, na afaka manao fahagagana iray eo anoloanareo Izy, ary afaka mahita an'izany ianareo; ary raha tsy sitrana eo no ho eo ianareo, "Eny, izay ilay izy. Tsy azoko mihitsy ilay izy. Hiverina aho amin'ny fotoana manaraka." Hitanareo, tsy finoana izany.

71 Tsy maintsy mamela Azy hiditra ianareo, manao hoe, "Tompo, ity ny varavarana, midira ary mifeheza." Amin'izay fotoana izay rehefa miditra ao Izy, dia milamina mandrakizay izany.

72 "Mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondòna." Miezaka hiditra ao amin'io varavarana kelin'ny finoana io Izy. Raha afaka miasa amin'ny Fombany fotsiny mantsy Izy ao anatiny ao, amin'izay fotoana izay dia zavatra voalamina izany.

73 Rehefa mandeha miaraka amin'ireo dimy amby roapolo cents eto an-tànako aho, dia tsara tahaka an'ilay mofo mihitsy izany, ho ahy, satria manana ny fahefa-mividy an'ilay—ilay zavatra izay ilaiko aho.

74 Ary rehefa mihazona ny fihazonany ao anatin'ny fo iray ny finoana, dia tsy misy na inona na inona afaka hanozongozona azy. Vita ilay asa. Andriamanitra no nandamina an'izany. Vita mandrakizay izany.

75 Mandeha eny an-dàlambe aho. Miampita an'ilay renirano aho. Mandalo amin'ilay làlan-tsilo aho. Miha-noana aho, isan'andro. Tsy mbola manana an'ilay mofo aho, saingy, amin'ny fotoana rehetra izay andehanako, dia mifaly aho satria manana an'ilay fahefa-mividy sy ilay antoka hoe ahy ilay mofo.

Oh, isaorana anie Ny Anarany masina!

76 Rehefa izaho...Alohan'ny ahatongavako any, dia mety tratry ny fihenjanan-kozatra aho; tena noana aho. Mety ho lasa mirediredy aho, hany ka miady ny làlako mitety an'ireo kirihitra aho, tahaka ny very saina iray. Fa raha mbola mihazona an'ireo dimy amby roapolo cents foana aho, dia tsy maintsy tonga ilay mofo.

77 Eo ianareo izao, raha mbola mifikitra foana io finoana io! Mety mandà ahy ireo dokotera, ny rehetra, ny zavatra rehetra, fa ho eo aho. Ho sitrana aho. Andriamanitra no niteny an'izany. Hamela Azy hiditra ao amin'ny varavaran'ny foko aho. Nomena Azy ny finoako, ary Nomeny ahy ny teny fikasana, ka tsy hisy na inona na inona hanembatsembana an'izany. Eo izany. Finoana!

78 Ny varavaran'ny finoana, Kristiana firy no manakana Azy tsy hiditra? Olona Pentekotista firy no manakana Azy tsy hiditra amin'io varavaran'ny finoana io? Batista firy? Presbyterana firy? Metodista? Io varavarana io!

79 Oh, misy varavarana maro. Anankiray amboniny no ho resahako, ary izany dia ilay varavaran'ny masonareo. Hoy Izy hoe, "Jamba ianao, nefa tsy fantatrao izany." Miresaka ny amin'ny fiangonana Izy amin'izao andro izao, jamba arapanahy.

80 Niresaka aho indray andro. Fa, tsy afaka milaza an'izao ampahibemaso aho. Fa tamin'i Rahalahy Sothmann any, sy ireo maro hafa, Leo sy Gene, ary izy ireo, "Ho tonga aiza io?" hoy aho. "Nahoana ny olona no tsy afaka mahita an'ireo zavatra ireo? Nahoana izy ireo no tsy afaka mahazo?"

81 Na io sary io aza dia tokony hanozongozona an'ireo firenena, saingy tsy nisy na dia—tsy nisy gazety iray akory aza afaka namoaka azy. Inona no nolazain'i George J. Lacy, an'ny F.B.I.? Hoy izy hoe, "Atoa. Branham, ho eny amin'ireo fivarotana enta-madinika izany, indray andro any, saingy tsy amin'ny fahavelomanao." Tsy nanakoako mihitsy izany. Tsy namaly mihitsy izany hatramin'ilay indray andro. Nieritreritra aho hoe, "Marina tokoa."

82 Eritrereto ilay adala tany Portland. Eritrereto ireo mpampianatra mpamosavy tany Inde. Eritrereto ilay trondro

kely, Rahalahy Wood, teo amin'ilay renirano. Eritrereto ireo zavatra izay tsy mety diso, ireo porofo. Kanefa tsy afaka mivoaka akory aza aho, saiky, ka manao asam-pitoriana goavana iray; voasakana. Misy zavatra te-hamela hivoaka, saingy misakana ilay izy. Inona izany?

83 Tsy nahafantatra an'i Elia mihitsy izy ireo raha tsy efa lasa izy. Tsy nahafantatra ny maro tamin'izy ireo mihitsy izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo mihitsy hoe iza i Jaona raha tsy efa notapahan-doha izy. Tsy nahafantatra an'i Jesosy ho Mpamonjy an'izao tontolo izao mihitsy izy ireo raha tsy efa nohomboana sy nitsangana indray Izy.

84 Nankahala an'ilay fiangonana Katolika i Masindahy Patrick, ary nanohitra azy. Saingy rehefa maty izy, dia nanandratra azy ho olo-masina iray izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo mihitsy hoe olo-masina iray izy raha tsy efa maty izy ary lasa.

85 Tsy fantatr'izy ireo mihitsy fa olo-masina iray i Masindahy François d'Assise. Nanohitra an'ilay fiangonana Katolika izy. Mpitory teny mandehandeha iray miaraka amin'ny Baiboly iray eo ambanin'ny sandriny izy. Nidina tany amin'ilay renirano izy mba hitory teny, ary ireo voronkely nihorakoraka. Hoy izy hoe, "Ranabavy kely, hazòny ny filaminanareo; mitory ny Tenin'Andriamanitra aho." Dia nangina izy ireo. Saingy tsy fantatr'izy ireo izany raha tsy efa maty ela be izy.

86 Jeanne d'Arc, izay namonjy an'i Frantsa, olo-masina iray ilay zazavavy, ara-panahy izy, nahita fahitana izy, vehivavy ara-panahy iray izy, nandre an'ireo Anjely niresaka taminy izy, nandre ny Feon'Andriamanitra izy, nahita fahitana izy. Inona no nolazain'izy ireo? "Mpamosavy iray izy." Ary nanangana tsato-kazo iray ny fiangonana Katolika ka nitarika azy teo amin'izany ary nandoro azy, ireo mpisorona ireo no nandoro, nefa niantsoantso famindrampo izy.

87 Roanjato taona taty aoriana, dia fantatr'izy ireo fa olo-masina iray izy, noho izany dia nanao fibebahana betsaka izy ireo. Nangadian'izy ireo ny vatan'ireo pretra izay nandoro azy, ary nanipy an'izany tao anatin'ilay renirano. Fibebahana betsaka izany, mazava ho azy. Saingy tsy nahafantatra azy izy ireo raha tsy efa tonga izy ary lasa.

88 Hoy Jesosy hoe, "Tsy nety nino izy ireo, satria hoy Isaia hoe, 'Manana maso izy ireo, fa tsy afaka mahita; sofina, fa tsy afaka mandre.'"

89 Omaly hariva fotsiny, teo amin'ilay ravin-taratasin'ny Baiboliko, izay fotoana vitsy lasa izay, tao amin'ny fahitana iray izay nomen'ny Tompo ahy, ka noteneniko tamin'ny fiangonana izany. Ary avy eo dia hoy Izy tamiko hoe, "Mandehana any Afrika, avy eo dia miverena any Inde."

Hoy aho hoe, "Eny, Tompo."

90 Ary rehefa niteny tamiko Atoa. Baxter, tany Canada, na tany Chicago, nanao hoe, "Ndao isika handeha any Inde. Avelao hipetraka tsara ireo Afrikaans ireo; tsy hiara-hiasa tsara amintsika izy ireo."

"Eny àry," hoy aho.

91 Adinoko ilay izy. Rehefa nandeha nody aho, dia nihaona tamiko teo anelanelan'ny efitra roa ilay Anjelin'ny Tompo; Andry Afo iray, Hazavana iray, ilay Anankiray ihany *etsy*. Ary hoy Izy hoe, "Mandehana any Afrika tahaka ny Nolazaiko handehanana."

Ary herintaona taty aoriana, dia niresaka tamiko ny amin'izany indray izy ireo.

92 Ary adinoko ilay izy; tsy noraisiko naoty ilay izy. Ary niaraka tamin'ny zanakolahy tany Portugal aho, Lisbonne, Portugal. Ary voadona aho, narary, ny alina manontolo. Ary ny ampitso maraina, dia nandeha tao amin'ilay fandroana aho, mba haka fandroana kely iray. Ary teo amin'ny làlako nankao, dia nitsangana teo ilay Anjelin'ny Tompo, nanao hoe, "Heveriko fa efa niteny taminao Aho mba handeha any Afrika aloha?"

93 Hoy aho hoe, "Tompo Andriamanitra, tsy mendrika ny ho Mpanomponao aho." Hoy aho hoe, "Raha Sitrakao, dia esory Ny Fanahinao ka omeo an'ilay iray hafa Izany."

94 Noho izany, tsy nisy afa-tsy andro vitsy lasa fotsiny izay, rehefa nanao an'ireo fandaminana ho any Afrika aho tamin'ity taona ity, any izy ireo manao an'izany ankehitriny. Ary omaly hariva, dia namaky tao amin'ny fahitana aho, ka fantatr'Andriamanitra fa tsy hahomby aho amin'izany. Ary tao amin'ilay fahitana. . . Tsy mbola nahita an'izany mihitsy aho raha tsy omaly hariva. Dia niantso an-dRahalahy Sothmann aho, Leo, ary izy rehetra ireo, nanerana. Hoy ilay fahitana hoe, "Handeha any Inde ianao aloha, ary avy eo dia hiverina any Afrika."

95 Hitanareo, izaho—izaho no nanoratra azy, ny tenako. Izaho no nanoratra an'ilay zavatra, ny tenako. Nitsambikina avy teo amin'ilay fandriana izay nipetrahako aho, vao maraina be, ary nahita Azy niditra tao amin'ilay efitra. Ary noraisiko naoty marina tokoa izay Nolazainy, raha Izy—niteny tamiko Izy teo. Ary naveriko novakiana izany, fotoana maro, maro, maro, nefa tsy nahamarika an'izany mihitsy. Ary omaly hariva rehefa niantso an'ireo zazalahy aho, dia teo ilay izy, teo amin'ilay ravin-taratasin'ny Baiboliko mihitsy, izay misy olona maro, maro no efa namaky azy.

96 Izao no voalaza hoe, "Tonga ireo olona mitafy tapaka, ary—ary nitory teny tamin'izy ireo aho, ka nifaly izy ireo. Avy eo dia nanjelatra ny Hazavana iray, taorian'izany, ka naneho an'ireo fotsy sy mainty niaraka, tany Afrika." Tsy mbola nahita an'izany mihitsy aho, nijery an'izany mihitsy. Misokatra ny masontsika.

97 Andriamanitra, sokafy ny masoko, mba ahafahako hahita. Avelao aho hijery ny any ankoatry ny lamban'efitry ny fotoana, Tompo. Avelao fotsiny aho hahita, Tompo, an'izay manodidina ahy. Avelao aho hahita an'izay vonona ny hitranga.

98 Rehefa mieritreritra an'ireo olombelona jamba eto amin'ity tany ity aho, izay mahita, kanefa tsy mety mahazo; mahita an'Andriamanitra miditra ao amin'ny fivoriana ary manao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony fony Izy teto an-tany. Mahita an'i Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra velona manatanteraka sy mihetsika ary manao mihitsy an'izay Nataony fony Izy teto an-tany, nefa mbola tsy mahazo foana izy ireo. Ahoana no hampety an'izany? Satria tsy misokatra ny mason'izy ireo.

99 Hisokatra izany, indray andro any, ry sakaizako, saingy ho tara loatra ilay izy amin'izay fotoana izay. Ho lasa ilay fotoana. Ary hanontany ianareo, any aoriana hoe, "Ny tianareo ho tenenina amiko ve dia hoe, *ity*, hoe *Ranona-sy-ranona* ary ny zavatra *tahaka* an'izany dia *ity*, nefa tsy fantatro ilay izy?" Mandalo eo ambonin'ny lohan'izy ireo izany. Tsy azon'izy ireo Izy. Azonareo ve izay lazaiko? Mandeha eo ambonin'izy ireo izany. Marina izany . . . Ary miandry zavatra lehibe iray hitranga amin'ny ho avy ianareo, nefa izao ankehitriny izao ilay izy, ka diso amin'ny fahitana an'izany ianareo.

100 Andriamanitra, midira ato am-poko ka sokafy ny varavaran'ny masoko, mba ahafahako mahita.

101 Toy ny ahoana no nandehanan'i Kleopasy sy ny sakaizany teny an-dàlana indray andro, avy tany Emaosy, na nandeha nankany Emaosy. Ary teny amin'ny làlana nankany, dia niresaka tamin'izy ireo Izy, nandeha niaraka tamin'izy ireo Izy. Nisakafo niaraka tamin'izy ireo Izy, fa ny mason'ny fahazoan'izy ireo dia nikatona. Rehefa niditra tao anatiny Izy, dia nangina izy rehetra, ka nanao zavatra kely iray izay fantatr'izy ireo Izy, hoe tsy nisy olona afaka nanao an'izany afa-tsy Izy. Taorian'ny Fitsanganany izany. Ary haingana mihitsy, hoy ny Baiboly hoe, "Nahiratra ny mason'izy ireo." Nanokatra ny mason'izy ireo Izy, ary nandeha niverina teny an-dàlana izy ireo, nifaly, ka nanao hoe, "Marina tokoa fa efa nitsangana ny Tompo, satria efa niaraka taminay Izy nandritry ny andro." Nahiratra ny mason'izy ireo. Nanana fahazoana izy ireo.

102 Afaka tonga eo afovoan'ny olona avy hatrany Jesosintsika ka manao an'ireo tena asa iray ihany mihitsy, fa inona no mitranga? Handeha ny olona ka hanao hoe, "Fifandraisana ara-tsaina izany. Oh, mety ho momba ny fanahy izy na mpanao hatsarana, zavatra izay nitranga tamin'izany fomba izany."

103 Oh, raha hanokatra ny masontsika Andriamanitra ka hamela antsika hahita hoe inona ireo zavatra ireo! Io varavaran'ny maso io dia ao anatin'ny fo. Ilay izy dia tsy izay hitanareo amin'ny

masonareo. Izany dia tsy hoe mahita; izany dia mijery. Hoy Jesosy tamin'i Nikodemosy hoe, "Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny Fanjakan'Andriamanitra izy." Tsy mahita an'Izany amin'ny masonareo ianareo; mahita an'Izany amin'ny fahazoanareo ianareo. Mijery amin'ny masonareo ianareo, ary mahazo amin'ny fonareo. Noho izany dia ao am-ponareo ny varavaran'ny masonareo, satria varavaran'ny fahazoana iray izany.

104 "Oh, azoko fa Jesosy no nilaza fa hanao an'izany Izy amin'ny andro farany. Azoko fa ireo zavatra ireo no famantaran'Andriamanitra." Noho izany dia samihafa toy ny ahoana, ahoana fa lasa zava-misy iray aminareo izany, ahoana fa miova ireo zavatra, raha misokatra ny masontsika. Miaraka aminareo foana Izy. Manampy anareo Izy. Mitsangana eo am-baravaranareo Izy, isan'andro, saingy tsy fantatrareo izany.

105 Nandre mpitoriteny iray aho niteny zavatra anankiray, vao tsy ela akory izay, izay nandòna ahy. Tany atsimo aho, nisy lehilahy antitra iray tany, lehilahy mainty hoditra iray, izay . . . lehilahy antitra tsara iray izy, saingy tsy afaka nanao azy hahitsy amin'Andriamanitra izy ireo. Tsy nandeha tany am-piangonana mihitsy izy, kanefa lehilahy antitra tsara iray. Ary tsy afaka nitondra azy handeha any am-piangonana izy ireo.

106 Noho izany, indray andro, nandeha nihaza izy sy ilay mpitoriteny. Ary tena mpitififitra mampalahelo iray izy. Tsy afaka nahavoa na inona na inona izy. Noho izany tamin'io andro io, teny amin'ny làlana nandeha nody, dia nahatififitra haza betsaka izy ireo hany ka voafatratra haza mihitsy izy ireo. Ary ny anaran'ilay lehilahy mainty hoditra antitra dia—dia Gabriel. Ary niantso azy hoe Gabe izy, ho fanafohezana. Noho izany dia voafatratra izy, niaraka tamin'ny haza nihantona teo amboniny rehetra; zara fotsiny izy raha afaka nihetsika. Nandeha taorian'ilay mpitoriteny izy. Afaka kelikely dia nikapoka azy teo amin'ny soroka izy, ka hoy izy hoe, "Pasitera?"

Hoy izy, "Eny, Gabe, inona no ilainao?"

107 Hoy izy, "Amin'ny Alahady maraina, dia hahita ny tenako eo amin'ireo dabilion'ny mpibebaka aho. Haka ny toerako ao am-piangonana aho, mba hiaina eo amin'ny sisa amin'ny androko."

108 Hoy ilay pasitera hoe, "Tsara, Gabe. Fa inona no nahatonga an'ilay fiovana tampoka? Nahoana, rehefa niresaka taminao izahay, ary olona tsara, masina no nivavaka niaraka taminao sy nandresy lahatra anao, nefa nanodina ny fonao ianao?"

109 Hoy izy hoe, "Sefo, fantatrao, fantatro fa mpitififitra mampalahelo aho. Tsy afaka nahavoa na inona na inona aho." Dia hoy izy, "Jereo ilay haza izay ananako. Tsy maintsy tia ahy Izy, fa raha tsy izany dia tsy ho Nomeny ahy izany." Eo ianareo izao. Inona izany? Lasa nahiratra fotsiny ny masony. Fantany hoe Iza no nanome azy an'io haza io, avy taiza izany.

110 "Ny omby mahafantatra ny fihinanam-bilony. Ny ramole mahafantatra ny fitoeran-tsakafon'ilay tompo, fa ny Oloko tsy mahafantatra," hoy ny Tompo. Izany tokoa, tsy fantatr'izy ireo hoe avy taiza ireo zavatra tsara ireo. Raha nahiratra fotsiny ny masonareo, ka afaka nahita ianareo.

111 Fotoana vitsy lasa izay, dia teny amin'ny làlany nankany amoron-dranomasina ny lehilahy iray. Nandeha nankany ho an'ny fitsaharana iray izy. Te-hampangatsiatsiaka ny tenany izy, satria tiany. . . Nihevitra izy fa ho tiany ny handre an'ireo voron-dranomasina raha nanidina teo ambonin'ilay rano izy ireo ka nitsambikina teo akaikin'ireo onja lehibe fotsy tendro, raha nierona sy nipoaka teny amin'ny rivotra izy ireo. Ary te-hanimbolo an'ilay rano masira izy. Hoy izy hoe, "Ho tena fitsaharana iray izany, ny hiaina eo amoron-dranomasina, vetivety. Te-hiala sasatra fotsiny aho. Te-hiaina eo amoron-dranomasina aho, mba hijery an'ireo zavatra rehetra izay tsy maintsy hatolotry ny ranomasina; ireo lanitra manga, raha mitaratra avy eny amin'ny lanitra mankany amin'ny rano izy. Ahoana fa ilay vongan-drano masira dia hiakatra ho onja lehibe, hifandòna dia hihorongorona!" Dia hoy izy hoe, "Raha afaka mitsangana aho ka mijery an'izany, ary mandre ny antsoantson'ireo voron-dranomasina!"

112 Ary teny amin'ny làlany nankeny amoron-dranomasina, dia nihaona tamin'ny lehilahy iray tonga izy, ary izy dia mpiasa an-tsambo antitra iray amin'ny ranomasina, tantsambo antitra iray avy eny an-dranomasina. Hoy izy hoe, "Ho aiza ianao?"

113 Hoy izy hoe, "Midina mankany amoron-dranomasina aho, mba hisitraka ny hatsaran'ny ranomasina."

114 Dia hoy ilay mpiasa an-tsambo antitra hoe, "Tsy mahita na inona na inona hafahafa mikasika an'io aho. Ireo rano dia rano fotsiny. Ny lanitra dia ny lanitra fotsiny. Ny voron-dranomasina dia vorona iray hafa fotsiny." Hitanareo, efa nahita betsaka an'izany izy, hany ka efa lasa mahazatra azy izany. Tsy nampientanentana izany, ho azy.

115 Ary izany ilay olana aminareo olona. Nahita ny fahatsarana ianareo, sy ireo fahagagana, ary ireo zavatra Masina an'Andriamanitra, nihetsika sy niasa, hany ka lasa mahazatra anareo izany. Tsy mahamarika an'izany intsony ianareo.

116 Tao amin'ireo fivoriana, dia nahamarika olona aho, izay ny Tompo, teo ambanin'ny Fahaiza-mamantatrany, no hiteny avy hatrany ao amin'ny mpanatrika, tahaka ny Nataony mihitsy fony Izy nandeha tany Galilia, ary ny Fampanantenany fotsiny izay Nolazainy fa Hataony. Ary ny olona, ny fotoana voalohany, hoy izy ireo hoe, "Oh, efa mba. . . Oh, tsy maintsy ho ny Tompo izany." Ny fotoana manaraka, "Tsy maintsy tonga izany." Ary afaka kelikely, "Eny, zavatra iray hafa fotsiny izany." Mahazatra izany. Efa niseho izany. Tsy mahamarika an'izany ianareo.

Ireo mason'ny fahazoanareo, ny fonareo, dia lasa mikimpy ny amin'izany.

117 Ny fientanana, ny fitahiana ny amin'ny fahafantarana fa ny Tompo Jesosy nitsangana dia mitsangana eo afovoantsika, dia tokony handefa ny fanahy rehetra any amin'ny avo any ankoatry ny zavatra rehetra eto amin'ity izao tontolo izao ity izay afaka hampientana. Tokony hanao zavatra aminareo izany. Tokony hanozongozona ny finoanareo izany hany ka hanokatra ny varavaran'ny finoana rehetra ianareo, sy ny zavatra hafa rehetra, manao hoe, "Tompo Jesosy, raiso manontolo aho ankehitriny. Raiso ao amin'ny Fiahianao aho. Eto, midira ato am-poko. Esory ny fitiavan-tenako. Esory ireo tsi-fahazoako. Esory ireo fisalasalako. Sokafy ny masoko, Tompo, ka avelao aho hahita. Ary raiso ny amiko rehetra, ka aoka ho Tompoko." Raha mbola tsy manao an'izany ny fiangonana, dia mandeha ao amin'ny fahajambana isika. Mandondòna eo am-baravarana Jesosy, nefa avelantsika any ivelany Izy. [Mandondòna ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.]

Ndao isika hivavaka vetivety fotsiny, raha manondrika ny lohantsika isika.

118 Raha mbola miondrika am-pahanginana ny lohantsika, ny tavantsika dia mitodika mankany amin'ny vovoka izay nangalana antsika. Ary indray andro any ity nofo mety maty ity dia tsy maintsy . . . hiverina amin'ny vovoka ireo vokatra. Hisy olona iray tahaka an'izany ve eto izao maraina izao, izay tsy nanokatra ny fony mihitsy, tamin'izany fanao izany, ho an'ny Tompo Jesosy, ka hanangana ny tànanareo Aminy ankehitriny, ary hanao hoe, "Jesosy, mamindrà fo amiko"? Andriamanitra hitahy anao, ramose. Andriamanitra hitahy anao. Olon-kafa iray. Andriamanitra hitahy anao, ry lehilahy tanora. "Manokatra ny foko aho amin'izao fotoana izao."

119 Manaova hoe, "Tompo Jesosy, raiso aho, ny rehetra, fananana feno. Aoka ho Tompoko." Andriamanitra hitahy anao, tompoko. Ra- . . . "Aoka ho Tompoko." Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. "Aoka ho Tompoko; ny Tompon'ny fireharehako, ny Tompon'ny finoako, ny Tompon'ny masoko, ny Tompon'ny fijeriko, ny Tompon'ny fandrenesako, ny Tompon'ny filàko." Maro amin'ireo zavatra ireo no azoko noresahana, saingy tsy hamela ny fotoana. "Aoka ho Tompo eo amin'ny rehetra." Andriamanitra hitahy anao, ramatoa. Izao fotsiny . . . Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. "Raiso aho, Tompo." Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. "Raiso arak'izay maha-izy ahy aho, Tompo." Andriamanitra hitahy anao, ranabavy. Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Andriamanitra hitahy anao, iry aoriana iry. Marina izany. "Raiso fotsiny amin'izay maha-izy ahy aho, ary aoka ho fifehezana feno, Tompo. Aza avela hitarika Anao aho. Ianao no mitarika ahy." Nilaza ny lehilahy iray . . . Andriamanitra hitahy anao, ry rahalahiko.

120 Nilaza ny lehilahy iray fa nandeha tany amin'ny kijana iray izy ka naka soavaly kely iray, teto indray andro. Napetrany nanodidina ny vozon'ilay soavaly kely ny tady, avy eo dia nanao fatotra antsasany iray teo amin'ny vavan'ny tavany, ary nitarika an'ilay soavaly niverina nankao amin'ny tranom-biby. Talohan'ny nahatongavany teo, dia ilay soavaly kely no nitarika azy.

121 Izay ilay izy. Andriamanitra no mandray antsika, fa isika no miezaka mitarika Azy. Avelao Izy hitarika. Izy no mahafantatra ny làlana. Izy no efa nandeha teny amin'ilay làlana. Izy no nanao ny làlana. Isika tsy mahafantatra an'ilay làlana, noho izany dia nahoana isika no miezaka mandanjalanja an'ireo zavatra ireo? Ndao isika hanolotra ny tenantsika Aminy fotsiny, hanao hoe, “Tompo, Ianao no mitarika ahy. Izaho hanaraka.”

122 Angamba efa Kristiana iray ianareo. Angamba niditra tao am-ponareo Kristy, saingy tsy nanolotra ny finoanareo mihitsy ianareo, ho Azy. Manaova hoe, “Tompo, midira. Esory hiala ato am-poko ireo fisalasalana rehetra. Raha Ny Teninao no milaza an'izany, dia mino an'Izany aho. Noho izany, manomboka amin'ity andro ity, dia handray Anao aho tahaka ahy . . . Tiako Ianao hanome ahy an'izay vao avy nolazain'ilay rahalahy, tahaka ny vola madinika dimy amby roapolo cent iray ho an'ny mofo iray. Ary ao amin'ny vavaka izao maraina izao, ho an'ny marary, dia handray Anao aho. Mino aho fa hanao an'izany Ianao. Ary manohy mandeha mihitsy aho, mifaly, tsy mampaninona na rahoviana no hitranga izany. Hitranga izany.” Tianareo ve ny hanokatra ny varavaran'ny finoanareo, ao am-ponareo, ho Azy androany? [Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.] . . . tianareo, avy eo dia atsangano ny tànanareo, ka manaova hoe, “Tompo, inty aho.” Andriamanitra hitahy anareo. Olona maro no miaraka amin'ny tànany mitsangana.

> Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
> Mpamonjy Masina;
> Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
> Ary esory ny otako rehetra, (Ny tsi-finoako.)
> O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
> Ho Anao manontolo!

123 Tompo Jesosy, Hitanao ny tànan'ity vahoaka ity. Fantatrao ny fon'izy ireo. Mitsangana eo Ianao. Ianao no mandondòna. Enga anie izy ireo tsy hijery angano mahagaga iray. Fa enga anie izy ireo hijery mahitsy manatrika an'ilay Zanak'Andriamanitra voahombo. Enga anie izy ireo hahazo fahazoana iray izao maraina izao, tsy tahaka ny tany aloha mihitsy. Ekeo, Tompo.

124 Efa nanana fahasarotana izahay. Niady taminay tamin'ny fomba rehetra i Satana. Na dia ho an'ity fivoriana izao maraina izao ity aza, dia tsy nisy anankiray akory aza teto hanome an'ireo karatra fangataham-bavaka, mba hahafahan'izy ireo ho

voalahatra, ho an'ny ireo olona avy any ivelan'ny tanàna; mba Ahafahanao ho afaka haneho ny habetsahan'Ny Fanatrehanao, araka ny fanomezam-pahasoavana avy amin'Andriamanitra, ary sitrapo iray amin'ny alàlan'ny Herinao lehibe Manokana. Saingy Ianao no Andriamanitra izay mifehy ny zavatra rehetra. Ianao no mifehy an'ireo fahasarotana sy toe-javatra.

125 Ary mivavaka aho, Andriamanitra, androany, mba Handraisanao ny fon'ny olona tsirairay, hahazo fidirana ao amin'ny efitra tsirairay sy ny efitrefitra. Enga anie izy ireo hanokatra ny fony izao ankehitriny izao, ary ireo rehetra izay nanangana ny tànany, ny amin'ny fitiavan-tena, na ny amin'ny tsirambina, na ireo zavatra izay tsy arak'izay Tianao hahaizy azy. Izany no maneho ao amin'ny fiainan'izy ireo, fa tsy mipetraka ao amin'io efitrefitra io Ianao. Enga anie hisokatra izany izao ankehitriny izao. Ary, Tompo Jesosy, midira ka ataovy miaraka amin'izy ireo ny Fonenanao.

126 Ary avy eo, Tompo, dia hivavaka ihany koa izahay ho an'ireo izay marary sy ory, mba amin'ity ora ity, no mety hisy zavatra ho vita, izay tena hanaitra an'ity vahoaka ity ho amin'ny fahazoana iray an'ny fahafantarana ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy, mba ahafahan'ny fon'izy ireo hisokatra. Mivavaka amin'ny Anaran'i Jesosy aho. Amena.

127 Ilay izy dia nampahafantarina, tamin'ny radio, sy tamin'ny alàlan'ny vava, tato amin'ny tabernakla, fa hizara karatra fangataham-bavaka izahay androany. Ary ny antony hizaranay karatra fangataham-bavaka, ato amin'ny tabernakla, dia ny handraisana an'ireo olona izay any ivelan'ny tanàna. Hitanareo? Fa, ireo olona izay eto amin'ny tanàna, dia mivavaka ho azy ireo isan'andro izahay, na ireo fotoana eto amin'ny tabernakla. Fa mba handraisana ny olona . . . Ny herin'ny fahaiza-mamantatra dia ao amin'i Kristy irery ihany. Ary ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany. Ao amin'Andriamanitra irery izany. Ary ao . . .

128 Rehefa teto an-tany Kristy tao amin'ny tena ara-batana, ara-batana, tahaka ny itsanganantsika androany, dia nandeha tany Galilia sy toerana samihafa Izy. Tany dia tsy nilaza Izy fa manana fahefana hanasitrana ny marary na hanao fahagagana. Hoy Izy hoe, "Tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenako Aho. Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray aloha no maneho Amiko an'izay hatao." Ny olona rehetra izay mahafantatra ny Soratra, Masindahy Jaona 5, dia mahafantatra fa marina izany. Tsy nanao fahagagana mihitsy Izy raha tsy ny Ray no naneho Taminy. Hoy Izy hoe, "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaiko aminareo, ny Zanaka," Izy tenany, ilay tabernakely izay nitoeran'Andriamanitra, ny Vatany, "ny Zanaka dia tsy afaka manao na inona na inona amin'ny Tenany; fa izay Hitany ataon'ny Ray, dia izany koa no ataon'ny Zanaka."

129 Ary mahamarika ianareo rehefa tonga tany amin'ny Taniny Manokana Izy, ny Tanànany Manokana, dia inona no nitranga? Tsy afaka nanao an'izany Izy. Nametraka ny Tànany teo amin'ny olona marary sasantsasany Izy. Nitodika Izy ka nanao hoe, "Marina tokoa, Lazaiko aminareo, fa ny mpaminany iray, ao amin'ny fireneny manokana, eo anivon'ny azy manokana . . ." Fantatrareo hoe ahoana no nilazana an'izany, izany.

130 Fa efa tena tsara fanahy tamintsika Izy, namela antsika hanana fivoriana vitsivitsy amin'izany karazany izany. Marina izany. Inona no tsy maintsy hataon'izany? Izany dia ny mamela an'ity tanàna ity, ireto olona ireto, sy ireo izay manodidina, izay tsy mbola tany mihitsy, tao amin'ilay fivoriana hafa, hahafantatra fa Izy no Andriamanitra velona. Hoy Izy hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa. Hanao an'ireo asa iray ihany ireo ianareo." Hoy Izy hoe, "Vetivety foana dia tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, kanefa ianareo no hahita Ahy. Satria homba anareo Aho, ho ao anatinareo mihitsy aza, hatramin'ny fiafaran'ilay taona." Marina izany. "Ary ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa, hatramin'ny fiafaran'ilay taona."

131 Mino aho fa miaina ao amin'ireo andro famaranana ny fizaram-potoan'ny Jentilisa isika. Ny zavatra rehetra dia ao amin'ny lamina tanteraka mihitsy, izao ankehitriny izao, ho an'ny andro farany. Fa ny fandehanan'ilay Fiangonana any an-Trano, izany no andrasan'i Kristy. "Tahaka Azy tamin'ny andron'i Noa, fahari-po, tsy tiany hisy anankiray ho levona." Ilay zavatra iray ihany Izy androany. Tsy . . . Mahari-po Izy ankehitriny, tsy tiany hisy anankiray ho levona. Efa lasa ireo famantarana sy fahagagana lehibe.

132 Hoy ny olona hoe, "Eny, miandry taona malaza iray ho avy izahay." Ry sakaizako, efa saiky tapitra mihitsy ilay taona. Vita ny amin'ireo Jentilisa. Eo amin'ny andro farany izao. Noho izany dia izao no fotoana tokony ho, handraisana an'i Kristy ary ho vonona. Henoy ankehitriny, ry sakaiza, tsy fantatro . . .

133 Ankehitriny, tsy misy karatra fangataham-bavaka ato an-trano. Tsy misy anankiray. Teto i Billy vao teo, na tany ho any. Nanana teo amin'ny karatra zato teo izy mba ho zaraina, saingy tsy tonga teto ny olona mba hanomezana an'ireo ho azy ireo. Tsy maintsy nanomboka ny fotoana izy ireo, noho izany dia tsy manelingelina an'izany isika. Noho izany dia hoy aho hoe, "Hiantso ny olona hiakatra fotsiny aho ka hivavaka ho azy ireo."

134 Saingy tsapako fa eto ny Fanatrehan'i Kristy. Tsapako fa efa niomana aho, ary ity Hafatra ity, mihitsy aza, ho an'ny fiangonana izao maraina izao, ho an'izany tanjona izany. Ary na manao ahoana na manao ahoana dia nanafika anay tamin'ny fomba iray ilay fahavalo, saingy mino aho fa Kristy dia afaka handresy ny fahavalo raha mahitsy Aminy ny fontsika. Ary

maro aminareo olona izay nanangana ny tànanareo, mazava ho azy, vantany vao mifarana ity fotoana ity, rehefa atao ny antso eny amin'ny alitara, dia tiako ianareo ho tonga eto ka hisaotra an'Andriamanitra ny amin'izay Nataony ho anareo.

Rehefa mandray ny finoana ianareo, dia inona ny finoana?

135 Afaka manao laharam-bavaka iray isika eto, ary mitondra ny olona mandalo, eo amin'ny antsasaky ny roa ambin'ny folo na mihoatra. Tena mahery io fahaiza-mamantatra io, ary izany—ho tonga eto amin'ny lampihazo eto izany, ka hahamarika ianareo. Valo amby efapolo taona aho; ireo fahitana dia efa hita hatramin'ny faha-roa taonako teo, ary tsy nisy diso ny iray tamin'izany na indray mandeha aza. Na dia ireo zavatra aza, rehefa nilaza an'izany aho, dia tsy fantatro hoe ahoana—ahoana no mba hampety an'izany. Fa tahaka an'izany mihitsy no iasan'ilay izy, noho izany dia Andriamanitra izany. Hitanareo? Tsy maintsy ho Andriamanitra izany. Noho izany raha manatrika Andriamanitra, mba hanatanteraka Ny Teniny, mba hanaporofo fa Izy . . . "Ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa." Noho izany dia Izy no manaporofo an'izany ho marina. Noho izany, Andriamanitra, sokafy ny masonay. Raha afaka mahita an'izany miseho izahay, amin'izay fotoana izay dia marina ny teny fikasana tsirairay.

136 Rehefa teto an-tany Izy . . . Vetivety fotsiny. Rehefa teto an-tany Izy, dia inona no Nolazainy? Ity no Nolazainy. Hoy Izy hoe, "Ravao ity Vatana ity, Izaho no hanangana Azy afaka telo andro." Ahoana no Nahafantarany hanao an'izany? Satria hoy i Davida mpaminany hoe, "Tsy hamela Ny Iray masiko hahita ny lò Aho, ary Izaho tsy hamela . . . hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo." Fantany fa Izy no ilay Mesia voahosotra. Fantany fa izany no Toerany. Ary tamin'ny fahafantarana fa izany no Toerany . . . Mariho ankehitriny. Nahafantatra fa izany no Toerany, noho izany dia afaka nanome an'io filazana io Izy, satria nampiharina Taminy io teny fikasana io. Hoy Izy hoe, "Ary tsy azo foanana ny Soratra." Raha misokatra ny fahazoanareo! "Tsy azo foanana ny Soratra." Nisy nifandraika Taminy io teny fikasana io, ary Fantany fa tsy maintsy hiseho izany.

137 Noho izany dia henoy, ry sakaiza. Ny Soratra rehetra izay mifandraika aminareo, ny teny fikasana rehetra izay mifandraika aminareo, dia anareo, tahaka ny Azy mihitsy. Azo antoka, izany ilay izy.

138 Izany no antony itsanganako izao maraina izao. Izaho dia, raha avelan'ny Tompo, hangataka Azy hanao zavatra aho, ary eto amin'izay misy azy tena sarotra, sy ny sisa, ao amin'ny ahy manokana . . . Tsy hoe satria tsy mino ahy ianareo, fa ilay izy dia satria Ny Teniny no nilaza fa hisy izany. Hitanareo? Ny Teniny no nilaza fa hisy izany. Hangataka Azy aho tsy hijery an'ilay resaka

karatra fangataham-bavaka. Hitanareo? Hangataka Aminy aho raha hanao an'izany Izy. Hitanareo? Izaho tsy . . .

139 Tsarovy ankehitriny, mamelà ahy handeha ao amin'ny horonam-peo, ary ity milina fandraisam-peo eto ity izay handeha, maro amin'izy ireo no ao amin'ny efitra ao. Tsy milaza aho fa hanao Izy. Hitanareo? Tsy milaza aho. Hangataka Azy aho mba hanao. Ary raha hanao Izy, dia hankasitraka isika. Ahoana moa raha ny Tompo . . . Firy . . .

140 Tsy misy olona manana karatra fangataham-bavaka eo. Olona marary firy eo, izay marary, atsangano ny tànanareo, na—na manana . . . mila zavatra avy amin'ny Tompo? Atsangano ny tànanareo, na aiza na aiza misy anareo. Ankehitriny dia afaka mahita ny tavanareo aho, mba ahafahako miteny fotsiny hoe iza ianareo. Noho izany, izaho—izaho tsy . . . Afaka miteny aho . . .

141 Ary raha ny iray amin'ireo olon'ny tabernakla ilay izy, dia tsy mila an'ireo olona ireo aho. Tiako ny Tompo haneho amiko olona iray izay lavitry ny tabernakla; olona iray izay avy any ivelan'ny tanàna. Satria, raha misy olona avy eto amin'ny tabernakla . . . Izany no antony izaranay karatra, mba handraisana ny olona izay tsy ao anatin'ny tabernakla. Mba . . .

142 Hoy ny olona hoe, "Eny, fantany io olona io. Tahaka an'izany no ahatongavan'io fahaiza-mamantatra io."

143 Ahoana no ahatongavany any Italie, any Alemaina, any Soisa, Afrika, ary ny manodidina rehetra, manerana an'izao tontolo izao? Ahoana no ipetrahany eto ka miteny an'ireo zavatra izay hitranga telo na efatra, efatra na dimy taona any aoriana, ka hahatanteraka an'izany tanteraka mihitsy hatrany amin'ny teboka? Kristy izany.

144 Iza Ilay, nitarika an'ireo zanak'Isiraely nanerana ny an-efitra? Kristy. Inona Izy tamin'izany? Te-hanontany zavatra aminareo aho. Eritrereto iray minitra fotsiny izany. Inona Izy? Andry Afo iray. Andry Afo iray. Ary rehefa tonga teto an-tany Izy, dia nilaza Izy fa Izy io Andry Afo io. Izy . . .

Hoy izy ireo hoe, "Ny razanay nihinana ny mana tany an-efitra."

Hoy Izy hoe, "Izaho ilay Mofon'Aina."

Hoy izy ireo, "Ny razanay nisotro avy tamin'ny Vatolampy ara-panahy."

Hoy Izy hoe, "Izaho ilay Vatolampy."

"Nahoana," hoy izy ireo, "nahita Azy tao anatin'ny roimemy nirehitra iray i Mosesy."

145 Hoy Izy hoe, "Talohan'ny nisian'i Abrahama, dia IZAHO NO IZY." Ilay "IZAHO NO IZY" no tao anatin'ilay kirihitra.

146 Hoy Izy hoe, "Ankehitriny, avy tamin'Andriamanitra Aho, Andry Afo iray." Andriamanitra dia Hazavana, fantatsika izany.

Izy, Andriamanitra, dia monina ao anatin'ny Fanahy, fa tsy ao anatin'ny nofo. Ary ao anatin'io Andry Hazavana io, dia hoy Jesosy hoe, "Avy tamin'Izany Aho, ary hiverina amin'Izany Aho." Ankehitriny, mety ho any ivelan'ny teolojianareo izany, saingy ao amin'ny Baiboly. Jesosy no nilaza an'izany.

147 Ary rehefa maty Izy, nalevina, nitsangana indray, ka rehefa teny amin'ny làlany nankany Damaskosy i Masindahy Paoly, mba hisambotra ny olona, dia niseho taminy Jesosy, tao anatin'io Andry Afo io indray, ka nanjera azy. Ankehitriny, mety hisy izany, ny anankiray afaka hahita an'Izany fa ireo hafa tsy afaka hahita an'Izany. Ireo lehilahy izay niaraka tamin'i Paoly ireo dia tsy nahita an'Izany. Hoy izy ireo hoe, "Nandre tabataba iray izahay, saingy tsy nahita Hazavana." Fa tena namiratra ilay Hazavana, ho an'i Paoly, hany ka nanimba ny masony Izany, ary jamba izy nandritry ny andro maro. Andry Afo!

148 Izy dia tonga teo—tonga teo amin'i Petera Izy, tao antranomaizina, amin'ny maha-Andry Afo.

Ary indro Izy androany!

149 Ary raha ny fanahin'ny—ny devoly no ao anatinareo, dia hanao an'ireo asan'ny devoly ianareo. Raha mpanao ratsy iray ianareo, fanahy iray, raha ny fanahin'i John Dillinger no tao anatinareo, dia ho nitondra basy ianareo ka hamono olona. Raha ny fanahin'ny zavatra iray no tao anatinareo, dia hanao azy hihetsika tahaka an'ilay olona izany.

150 Raha ny Fanahin'i Kristy no ao anatinareo, dia hihetsika tahaka an'i Kristy Izany. Hanao an'ireo asan'i Kristy Izany. "Izay mino Ahy, ireo asa izay Ataoko no hataony koa." Eo ianareo izao.

Ary ankehitriny dia hametraka an'izao fotsiny ho an'ny voninahitr'Andriamanitra aho.

151 Ary lasa lehilahy antitra iray aho, ary fantatro fa mety tsy ho ela loatra ireo androko eto an-tany. Tsy fantatro. Tsy afaka milaza an'izany aho. Manantena aho fa ho velona mba hahita ny Fihavian'ny Tompo. Tsy fantatro raha ho velona aho. Saingy, tsy fantatro raha mba hitory toriteny hafa iray aho. Fa izaho . . . Tsy afaka miteny an'izany isika. Mipetraka eo antànan'Andriamanitra izany. Tsy fantatro.

152 Fa ity ny zavatra iray, izaho dia . . . raha hangataka Azy ho tonga eto afovoany isika izao maraina izao ka hanao zavatra, ilay porofo tsy mety diso an'izany, hoe Izy no ilay Kristy nitsangana iray ihany, ary manao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataony rehefa nandeha teo amin'ireo moron'i Galilia Izy, dia manontany aho hoe firy no hanao hoe, "Hamoy toerana iray ao anatin'ilay laharam-bavaka aho, raha tsy niantso ahy Izany, dia hamoy ny toerako aho, ary mino aho fa ao am-poko dia hamikitra ny finoana iray izay hihazona ahy mafy eo amin'i Kristy mihitsy, ary handeha hiala amin'ity tranobe ity aho izao maraina izao

raha hiditra ao amin'ireto vatan'olombelona eto ireto Izy izao maraina izao ka hanome finoana ampy ho an'ny olona iray eo, tahaka ny nataon'ilay vehivavy izay nikasika ny Akanjony."

Dia nijery manodidina Izy, nanao hoe, "Nisy olona nikasika Ahy."

Dia hoy izy ireo hoe, "Eny, ny olona rehetra dia mikasika Anao."

153 Hoy Izy, "Saingy Tsapako fa lasa nalemy Aho." Ary nijery teo amin'ilay toerana Izy mandra-Pahitany an'ilay vehivavy, ary nilaza Izy, niteny taminy an'izay nananany, sy hoe inona ny olany, ary nilaza fa ny finoany no namonjy azy.

154 Jesosy izany. Teneno amiko ny olona iray izay hany niaina teto an-tany, hany nanao an'izany, afa-tsy Izy. Asehoy ahy ny tantara izay hany nanaovana an'izany. Manana ny bokin'i Foxe aho ny amin'*Ireo Maritiora*. Manana ny *Early Writing* an'i Josephus aho. Manana ny *Early Ages* an'i Pember-man aho. Manana ny *Two Babylons* an'i Hislop aho. Tsy mbola nisy zavatra iray nitranga tahaka an'izany mihitsy hatramin'ity andro ity, marina izany, satria eo amin'ny andro farany isika. Eo amin'ilay fihaonan'ny fotoana isika. Ary mifarana ny an'ireo Jentilisa, tsy ho ela dia ho lasa arina sy lavenona isika.

155 Raiso Izy. Raha hanao an'izany Izy, tsy milaza aho fa hanao Izy, raha tsy manao Izy, dia hiantso an'ilay laharam-bavaka isika, raha manao an'izany Izy, dia hilaza ve ianareo hoe, "Ary fantatro fa tena vahiny tanteraka ilay olona, ary Andriamanitra no manao an'izany, hino aho fa manatrika ny Tompo Jesosy, ary Izy no handray ny momba ahy eo an-Tànany, hapetrako eo izany, ary hahazo aho, tahaka an'ireo dimy amby roapolo cents, handeha hiala eto aho hisaotra an'Andriamanitra nohon'ny fahasitranako"? Hanao an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo, ka jereo. Firy ato no hilaza fa hanao an'izany ianareo? Atsangano fotsiny ny tànanareo, ny manerana rehetra. Mahafinaritra izany. Oh, oadray!

156 Ankehitriny ataovy ao anatin'ny fepetra ny tenanareo. Sintony hisokatra io fo io. Manaova hoe, "Jesosy, raha efa mba niasa tato am-poko Ianao, dia ataovy izany ankehitriny. Esory ny tsi-finoana rehetra. Avelao aho hifoha eto, hanozongozona ny tenako. Marina ve fa efa nandalo zavatra iray aho, nandritr'ireo taona rehetra ireo, nefa diso an'izany? Efa nikatona ve aho? Oh, eny, fantatro fa miaraka amiko Ianao. Saingy namela Anao hiditra ve aho, hatraiza hatraiza, mba hahita Anao?" Raha afaka mahita Azy ianareo izao maraina izao, dia hamikitra ny finoana, ary hiala ireo aretina. Ho salama ianareo. Minoa an'izany ankehitriny. Oadray! Manantena aho fa hino an'izany ianareo. Andriamanitra, ekeo izany, izany no fivavako.

157 Ankehitriny, alohan'ny hanaovantsika, dia ndao isika hivavaka.

158 O Tompo, andro mahatahotra iray izay iainanay ity. Fantatro fa ny zavatra rehetra izay mety hitranga, dia tsy maintsy Ianao no hamela an'izany ho vita, Tompo. Misy maro eto, roa ambin'ny folo na roa, izay ao anatin'ny toerana sarotra angamba, olona iray izay tsy ho salama, raha tsy noho Ianao izany. Ary mivavaka aho mba Hanekenao an'izany fitahiana izany ho anay.

159 Ary, Ray, fantatray fa fomba tokana ihany no hahazoana ny finoana. Ny Baiboly dia milaza, hoe, "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Ireo zavatra izay Ataoko, no hataonareo koa." Hoy ny Tenin'Andriamanitra hoe, "Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino." Ary, Tompo Andriamanitra, miezaka izahay ny hampiditra finoana ao am-pon'ny olona, mba hanao ny varavaran'izy ireo hisokatra, mba ahafahan'izy ireo hahita, sy hahafantatra ny fahatsaran'Andriamanitra, hamela an'ireo zavatra ireo hisy.

160 Ankehitriny dia mamindrà fo aminay, Tompo. Raha mandohalika eto akaikin'ity fefin'ny alitara ity aho, O Andriamanitra mpamindra fo, dia mamindrà fo aminay. Mivavaka ho an'ny olona tsirairay ato aho, Tompo, ho an'ireo olon'ny tabernakla, ho an'ireo olona any ivelan'ny tanàna, ho an'ny rehetra. Hoy Ianao hoe, "Ny vavaky ny finoana no hamonjy an'ilay marary. Andriamanitra hanangana azy ireo. Ary raha nanota izy ireo, dia ho voavela amin'izany izy ireo."

161 Ary fantatray fa ny olona izay mandray zavatra hafa afa-tsy amin'ny alàlan'ny Teny, dia tsy maharitra ela loatra izany. Mieritreritra an'ireo zanak'Isiraely izahay, hoe ahoana fa tafintohina tamin'ilay ivelan'ny voajanahary izy rehetra, ary avy eo dia lavo tany an-efitra.

162 Izany marina tokoa ilay izy, Tompo, ary satria manana finoana matanjaka eo amin'Ny Teninao ny olona!

163 Ekeo ankehitriny, izao maraina izao, mba hamelan'Ny Fanatrehanao lehibe an'ity izay angatahanay ity, Tompo. Mba hahafahan'ny olona hahafantatra sy hahita ny voninahitr'Andriamanitra. Ary enga anie ny olona tsirairay izay ato ankehitriny, enga anie ny zavatra hafa iray, finoana, hidina amin'ny alàlan'ireo fantson'ny Fanahin'Andriamanitra, sy hanosotra ny fon'izy ireo izao ankehitriny izao, ka ho lasa misokatra ny mason'izy ireo. Ka, rehefa miala amin'ity tranobe ity izy ireo, androany, dia hilaza izy ireo hoe, "Tsy nangorakoraka tao anatintsika ve ny fontsika? Satria, nahita Ny Tenany nitsangana isika. Nanontany isika, saingy mahazo isika ankehitriny." Andriamanitra, sokafy ny varavaran'izy ireo ankehitriny, an'ny finoana, ary midira. Ary ambarao amin'izy ireo, ka ampahafantaro ny Làlanao sy ny sitraponao.

164 Ampio aho, Tompo. Olona mahantra iray an'Ny Fanjakanao aho. Tsy mendrika aho. Ary mangataka famelàna ho an'ny fahotako manokana aho, ny fisalasalako manokana, sy ny tahotro, sy ny heloko, sy ny tsy firaikako, ary izay rehetra nataoko. Tompo, mamelà ahy. Ary ampio aho mba ho mpanompo iray mamiratra, manjelatra an'ny Anao, mba ahafahako mankalaza Ny Anaranao eo anatrehan'ireo rahalahiko. Ao amin'ireo zavatra izay tsy ananako hery hanaovana, dia omeo hery aho, Tompo. Tsy ho an'ny voninahitro, azo antoka, Tompo, nandritr'ireo taona rehetra ireo dia efa nizaha toetra ahy Ianao. Mivavaka aho mba hahitako fitia ao am-Ponao izao maraina izao, mba ahafahako mahazo fotoana kely iray hiombonana sy hisakafoana miaraka Aminao. Ekeo izany, Tompo. Mivavaka aho mba Hanampianao ahy ankehitriny. Ary omeo finoana ny olona, fa mitsangana aho mba hijery, mba hahita an'izay Hataonao. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

165 Ankehitriny, aza misalasala. Minoa fotsiny, satria ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino.

166 Ankehitriny, tsy voatery hanao an'izany ho antsika ny Tompo Jesosy. Hangataka Aminy aho fara-fahakeliny ho an'ny olona telo izay tsy fantatro, olona telo izay tsy fantatro, mba Hanambarany amiko hoe inona. . . Tiako ny tsirairay avy aminareo izay manana ilaina ho an'ny zavatra rehetra, mba hivavaka. Ary izay Ambarany, raha izany no fahamarinana, dia ianareo no hahafantatra an'izany, na izany no fahamarinana na tsia. Raha tsy izany no fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia tsy ny fahamarinana fotsiny izany. Ho fantatrareo hoe aiza, ny tenanareo. Fa raha izany no fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia fihino izany ary raiso izany.

167 Inona no ho Nataony raha nitsangana teto Izy izao maraina izao? Ahoana moa raha nitsangana teto amin'izay itsanganako Izy, miaraka amin'ny vatana ara-nofo iray tahaka ny itsanganako? Raha hoy ianareo hoe, "Tompo Jesosy, mila fanasitranana aho," dia inona no heverinareo fa Holazainy? Hilaza Izy hoe, "Eny, Izaho—efa Nataoko ho anao izany rehefa maty ho anao Aho." Firy no mahafantatra fa izany no fahamarinana? Azo antoka. Efa vita izany.

168 Noho izany dia inona no hanome anareo finoana bebe kokoa? Satria ve izaho sy Rahalahy Neville no tonga hivavaka, sy hametra-tànana eo aminareo, hanosotra diloilo anareo? Ny Baiboly no milaza an'izany. Ny manao an'izany, tsara izany. Mino an'izany isika. Indraindray dia tsy manosotra diloilo akory aza izy ireo. Indraindray izy ireo fotsiny, manana fahaiza-mamantatra izy ireo, ary mahita fanahy ratsy ka mandroaka azy ireo. Indraindray dia tahaka an'izany no nahavitan'izany. Ary indraindray ilay izy dia vita fotsiny tamin'ny. . . Rehefa nandeha Jesosy. . . Ankehitriny izay maha-izy antsika. . . Izany no Nomeny an'ireo apostoly. Izany no nataon'ireo apostoly. Ary

imbetsaka no nanaovan'izy ireo an'izany rehetra izany tamin'ny fomba samihafa.

169 Ankehitriny iza no hisy fiantraikany kokoa, satria efa nanana fivoriana maro be isika teto, iza no hisy fiantraikany kokoa ankehitriny? Mamela ny Tompo Jesosy hidina fotsiny sy hanaporofo ny Tenany hoe eto Izy, ao amin'io faritra ivelan'ny voajanahary io.

170 Misy olona ve ato amin'ny tranobe, izay—izay fantatrareo fa tsy mahafantatra an'izay tsy mety aminareo aho, na iza ianareo? Atsangano ny tànanareo, raha misy. Ireo olona ato amin'ny tranobe, izay mahafantatra fa tsy mahafantatra anareo aho, atsangano fotsiny ny tànanareo. Eny, tompoko. Ataoko fa izany dia—hatraiza hatraiza izany. Eny àry.

171 Ankehitriny, ny Tompo, miankina Aminao izany, Tompo. Ankehitriny dia izay ihany no azoko atao. Ary, Andriamanitra Ray, mivavaka aho mba Hanekenao an'izany, mba ireto olona ireto anie, ao anatin'ny folo minitra manaraka, ho maro anie hihazakazaka eo amin'ny alitara, miaraka amin'ny fon'izy ireo feno mihoatra, mba hahita. Sokafy ny mason'izy ireo, Tompo. Aoka . . .

172 Sokafy ny mason'izy ireo tahaka an'ireo izay nandeha nankany Emaosy. Nandeha niaraka Taminao izy ireo ny tontolo andro nefa tsy nahafantatra Anao. Fa rehefa nanao zavatra iray Ianao izay fantatr'izy ireo fa tsy nisy olon-kafa afaka nanao afatsy Ianao, dia fantatr'izy ireo fa Ianao izany. Izany dia rehefa avy maty Ianao, nalevina, ary nitsangana indray.

173 Ankehitriny, Ray, ekeo ilay zavatra iray ihany amin'ity andro ity, eo anivon'ireto olona ireto. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Hisy telo ho vavolombelona iray." Noho izany dia mivavaka aho, Andriamanitra, mba ho vita ny fanamarinana iray izao maraina izao, eo amin'ny fanatrehan'ny olona, nefa tsy nentina teo amin'ny lampihazo. Ao amin'ny Fahasoavanao daholo izany, aoka ho tanteraka izany, Tompo, mivavaka aho, nohon'ny amin'i Jesosy, ary amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

174 Fantatro fa fotoana sarotra iray ho anareo izao. Ahoana ny amiko? Fa izay toriako, dia inoako. Izay toriako, dia ampihariko; nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, dia ampihariko. Homba ahy anie Andriamanitra, hanampy ahy, mba ahafahanareo hahafantatra fa tsy milaza an'ireo zavatra ireo amin'ny tenako aho. Misokatra ny masonareo, ka manao hoe, "Eny, efa ela no nahafantarako an-dRahalahy Branham. Efa nahita an'izao aho. Fa teneniko aminareo, tsy mampaninona na iza izy, mety ho zanakalahin'i Charles Branham izy, na ny sisa tahaka an'izany, saingy zavatra tokana no fantatro, nanao zavatra tamin'ny alàlany Andriamanitra." Noho izany dia jereo Andriamanitra. Aza mijery an'ilay lehilahy. Tsy te-haneho ahy Andriamanitra;

te-haneho ny Tenany Izy. Izy izany. Ankehitriny raha ho tonga fotsiny ny fahitana iray!

175 Ity ilay izy. Ranabavy Snyder. . . Izaho—miezaka aho ny mijery miala amin'izany, hitanareo. Ary, Andriamanitra, mamindrà fo.

176 Indro misy lehilahy iray mipetraka eto mihitsy. Eo amboniny ilay fahitana, mijery ahy mihitsy. Ataoko fa vahiny aminao aho. Miezaka ny hiala amin'ny fahazarana iray ianao, sa tsy izany? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Miezaka ny hiala amin'ilay fahazarana aho, tompoko."—Mpand.] Miala amin'ny fifohana sigara, izany no ezahanao. Marina ve izany? Atsangano ny tànanao raha marina izany. Tsia, ny tiako lazaina dia ilay lehilahy tanora mipetraka eto aoriana *eto*. Tsy mahafantatra anao aho. Vahiny isika, marina ve izany, ny iray amin'ny hafa? Raha izany no izy, dia ahofahofaho tahaka an'*izao* ny tànanao. Izany marina tokoa ve no nivavahanao tamin'izany? Eny àry.

177 Mino ve ianao? Inona no manao an'izany? Inona no nokasihany? Ny Baiboly no nilaza, hoe, "Izy no Mpisoronabe izay azo kasihan'ny fahatsapan'ny fahalementsika." Tsy nikasika ahy mihitsy izy. Tsy mbola nahita an'ilay lehilahy mihitsy aho. Fa nikasika an'i Kristy izy, Izay eto, ary Kristy no nampiasa ny molotro sy ny masoko, mba hiteny.

178 Manangana ny tànanao ianao, ry lehilahy tanora. Hitako fa manohy mihazona ny tànanao ianao. Mino ahy ho mpaminanin'Andriamanitra ve ianao? Hanaiky an'izay noteneniko taminao ve ianao? Raha nanana finoana ianao ka nino! Mihevitra ve ianao fa ho voavonjy tokoa izy? Ny sakaizanao vavy, no ivavahanao, sa tsy izany? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Marina izany."—Mpand.] Ah-hah. Ianao dia mila azy ho sitrana, ihany koa, sa tsy izany? Raha marina izany, dia mitsangàna. Ianao! Marina izany, sa tsy izany? ["Eny, tompoko."] Ankehitriny dia manàna finoana an'Andriamanitra, dia ho azonao izany. Vahiny aminao aho, ry lehilahy tanora. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho. Vahiny ve isika? Atsangano ny tànanao anankiroa, ambony, raha vahiny isika. Tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako; tsy mbola nahita ahy mihitsy ianao. Ankehitriny iza. . . Afaka mipetraka ianao ankehitriny, ka raiso izay nangatahanao. Ny finoanao no nanaiky an'izany ho anao.

Mino ve ianareo?

179 Vazivazy ilay izy vao teo, sa tsy izany, ranabavy? Saingy tsy vazivazy ilay izy ankehitriny. Fantatro fa ny Tompo no hanao an'izany, na nihevitra aho fa hanao Izy. Tsy azo ilalaovana Andriamanitra. Tena misy Izy. Raha mety mino ianao!

180 Indro misy vehivavy iray mipetraka eny aoriana amin'ity làlana ity mihitsy. Mivavaka ho an'ny olon-kafa iray izy. Tratry ny aretin'ny fikorontanan-tsaina ilay vehivavy. Katolika iray

izy, amin'ny finoana. Marina izany. Mipetraka eo amin'ny Meigs Avenue izy, sa tsy izany? Raha marina izany, dia atsangano ny tànanao, ramatoa. Eny àry. Mino ve ianao? Noho izany dia raiso izay angatahanao, raha mety mino ianao.

181 Ahoana ny aminareo ery amin'ny farany aoriana ery? Misy olona mandray ny. . . Ianao—tsy lavitra loatra ianao eny aoriana. Fantatr'i Kristy marina tokoa hoe aiza ianao no mipetraka. Mihaika anao aho, amin'ny Anaran'i Jesosy, mba hino ankehitriny. Eto Izy. Eto Ny Fanahiny. Eto Ny Heriny.

182 Indro mipetraka ery amin'ny farany aoriana ery ny lehilahy iray, mijery ahy ankehitriny. Manao karavato maitso, palitao sy pataloha volontany, tahaka an'izany. Mivavaka ihany koa izy. Te-ho sitrana amin'ny karazana aretim-bavony iray izy, aretin'ny fandevonan-kanina ao amin'ny vavoniny sy ny tsinainy. Marina izany. Ianao mipetraka ery aoriana ery. Mamelà ahy hiteny aminao hoe iza ianao. Tany amin'ny dokotera iray ianao omaly, ary nizaha anao izy. Marina izany. Tsy mahafantatra anao aho, fantatrao izany, fa Andriamanitra no mahafantatra anao. Ny finoanao no nahavonjy anao, tompoko. Deraina anie ilay Andriamanitra velona!

183 Ilay ramatoa mipetraka aoriany mihitsy, ao amin'ilay laharana manaraka, eo amin'ny telo, ery aoriana ery. Eo, mivavaka ho an'ny rafozam-bavinao ianao, aretin'ny fandringana. Raha hino ianao, eny àry.

184 Misy lehilahy kely iray mipetraka eo, miaraka amin'ny tànana iray mitsangana eo amin'ny vavany, mijery ahy, ery amin'ny farany aoriana. Mametraka ny tànany eo amin'ny vavany izy. Mivavaka izy. Misy fanahy iray malahelo manodidina azy. Mamafa ny masony izy. Afaka manavaka fotsiny aho, lehilahy tanora iray. Mivavaka ho an'ny olona iray izy. Havany izany. Efa tany amin'ny toeram-pitsaboana iray ilay lehilahy. Lehilahy tanora iray izany. Zaodahiny ilay izy, aretin'ny fikorontanan-tsaina, aretina ara-tsaina. Marina izany, tompoko. Manàna finoana, dia Andriamanitra no hiasa an'izany ho anao.

185 Mihaika ny finoanareo an'i Kristy aho. Mino Azy ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Telo ve izay? Oh, izany dia. . . Mihoatra noho izany io, sa tsy izany? Mino ve ianareo ankehitriny? ["Amena."] Miorina ve ny finoanareo? Lasa misokatra ve ny fonareo? Atsangano ny tànanareo, raha lasa misokatra ny fonareo. Misokatra ve ilay varavarana? ["Amena."]

Noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika.

186 Tompo, manakaikeza ankehitriny, Jesosy isaorana. O Andriamanitra, mankasitraka Anao aho, Ray, fa efa nanaiky an'ireo fitahiana ireo Ianao. Mba izy ireo, ireo olona izay manatrika ankehitriny, dia hahafantatra fa tsy ny Mpanomponao ilay izy. Ilay izy dia ilay Andriamanitry

ny Lanitra, Izay nanome voninahitra anay izao maraina izao tamin'ny fahatongavana teto afovoanay, sy namela an'izany ho vita. Mba hanaporofo amin'ity taranaka Jentilisa ity, alohan'ny hamafana azy hiala amin'ny tany, fa Ianao no Mesia. Ianao no Tompo Andriamanitry ny Lanitra. Eto Ianao, O Tompo.

187 Azafady, mangataka Aminao aho mba hanome fanairana lehibe amboniny ho an'ity vahoaka ity, mba ilazana azy, na hanokatra ny fahazoan'izy ireo, satria handeha ao amin'ny fahotany izy ireo raha diso amin'ny finoana Anao ka tsy miaiky ny fisalasalany sy ny tsi-finoany. Enga anie ho tonga eo amin'ny olona izany fitahiana izany, izao ankehitriny izao, mba hahafantaran'izy ireo fa manatrika ny Fanahy Masina, ary hoe manaiky mihitsy Izy ny hanasitrana azy ireo, tahaka ny Anekeny ny hanasitrana ny olona rehetra. Izany dia mifototra eo amin'ny hoe, "Raha mety mino ianao, dia azo atao ny zavatra rehetra." Tompo, ekeo izany. Ary enga anie ny Herinao manasitrana hirotsaka ao am-pon'ny olona, izao ankehitriny izao, ka hanasitrana ny tsirairay avy amin'izy ireo. Misaotra Anao aho, Tompo.

188 Rehefa miditra tahaka ny liona mierona iray i Satana, dia manangana faneva iray manohitra azy ny Fanahin'ny Tompo, ka manjera azy, ilay Satana lehibe izay mihambo ho ilay Anankiray lehibe. Fa Jesosy Tomponay no ilay Anankiray lehibe, Izy sy Andriamanitra Ray.

189 Ary mivavaka aho, Tompo, mba izao ankehitriny izao, amin'ny alàlan'Ny Fanahinao, no Hihetsehanao manerana ny mpanatrika ka hanasitrana ny olona tsirairay. Amin'ny alàlan'ny Anaran'ny Tompo Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

190 Mino ve ianareo fa sitrana? Mino an'izany ve ianareo, tamin'ireo Dian-kapony? Misy zavatra mamikitra ve ao am-ponareo ambany? Manana an'ireo dimy amby roapolo cents ve ianareo izay hanao anareo handeha hiala amin'ny tranobe? Manana an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo. "Manana azy aho. Finoana mamikitra iray izany. Tsy ahoako na hafiriana no ilain'izany, andro firy, ora firy. Manana an'ilay fahefa-mividy an'ny fahasitranako aho izao ankehitriny izao, ka handeha hiala amin'ity tranobe ity, izao ankehitriny izao, toy ny hoe efa salama tanteraka mihitsy aho." Mety ho izany ianareo, rehefa mitsangana. Mety tsy ho izany ianareo; mety tsy ho izany ianareo, mandritry ny herinandro maro. Tsy fantatro. Fa ho izany ianareo, raha manana finoana hinoana an'izany. Andriamanitra dia finoana. Minoa Azy amin'ny fonareo rehetra.

191 Ankehitriny dia akatòny miaraka amin'Andriamanitra fotsiny ny tenanareo, ankehitriny. Ankehitriny dia manomboha fotsiny tahaka an'izao hoe, "Tompo, mino aho. Tompo, mino aho. Voalevina ao amin'ilay Loharano ireo fisalasalako

rehetra. Tompo, mino aho. Ry Mpamonjy, atsangano ao Aminao ny finoako, mandra-pahafahany mamindra an'ilay tendrombohitra. O Tompo, mety ho diso ve Ianao? Tsy mety ho diso Ianao. Voalohany, raha tsy nanana zavatra anankiray ho lazaina Rahalahy Branham, dia Ny Teninao no niteny an'izany. Noho izany, nohon'ny fahasoavana, dia namela an-dRahalahy Branham hijery olona maro teo amin'ity tranobe ity Ianao, mba hanao an'ilay zavatra iray ihany izay Nataonao fony Ianao nandeha tany Galilia. Raha nanana fisalasalana iray aho tato am-poko, Tompo, amin'izay fotoana izay dia esory izany, alohan'ny hifaranan'ny androko. Alohan'ny iantsoana ahy, mba hamaly amin'ny Fitsarana, dia esory ny fahotan'ny tsi-finoako. Ary ataovy ho Anao aho izao ankehitriny izao. Avelao aho ho Anao." Andriamanitra hitahy anareo, izany no fivavako. Ary ireo . . .

192 Ankehitriny raha mbola mivavaka ianareo, mikatona miaraka amin'Andriamanitra, dia nisy ireo izay nanangana ny tànany, izay nila fandehanana iray niaraka tamin'Andriamanitra, te-hanokatra ny fonareo ho Azy. Misokatra ny alitara ankehitriny, ry sakaizako. Hanasa ny tsirairay avy aminareo aho ho tonga eto amin'ny alitara sy handohalika, ka hanao hoe, "Tompo Jesosy, mamindrà fo. Tiako Ianao hiditra ato am-poko. Esory ireo fisalasalako rehetra. Esory ireo tahotro rehetra. Esory ny fitiavan-tenako. Esory ny zavatra rehetra, ka midira Ianao. Midira ato am-poko ka aoka ho Tompo. Oh, mino aho fa Ianao no Mpamonjiko, saingy tsy mbola Tompoko Ianao."

193 Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Ny anaran'io lehilahy io dia Davis. Avy any Virginia izy. Eto izy hahafoy ny fahazarana amin'ny fifohana, ary lolom-po kely iray izay nohazoniny tao am-pony nanohitra malala iray hatramin'ny naha-zaza azy. Ho an'izany no maha-eto amin'ny alitara azy, izao maraina izao.

194 Avia ankehitriny. Asaina hanatona ny alitara ianareo ankehitriny. Mandohaleha eto eo anatrehan'ilay Kristin'Andriamanitra. Aza mijery an'ilay tabernakla kely manetry tena. Jereo hoe Iza no ato, izao maraina izao, ilay Mpamonjintsika finaritra. Ho avy ve ianareo? Asaina ianareo. Miandry anareo ho tonga ny Tompo Jesosy, mba handehanan'ny fanahy tsirairay (manadio) ao am-ponareo.

. . . Ireo zanaka malalany.

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny afo, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
Ny sasany amin'ny alàlan'ny alahelo lehibe, saingy manome hira iray Andriamanitra,

Manatòna, izao maraina izao, mandohaleha ao amin'Ny Fanatrehany.

Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany;
Indraindray ao amin'ny lohasaha amin'ilay maizina indrindra amin'ny alina,
Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany.

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny fizahan-toetra lalina, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
Ny sasany amin'ny alàlan'ny alahelo lehibe, saingy manome hira iray Andriamanitra,
Amin'ny vanim-potoan'ny alina sy ny andro manontolo.

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny fizahan-toetra lalina, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
Ny sasany amin'ny alàlan'ny alahelo lehibe, saingy manome hira iray Andriamanitra,
Amin'ny vanim-potoan'ny alina sy andro manontolo.

Na dia iharan'ny alahelo aza isika, ka manohitra i Satana,
Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany;
Amin'ny alàlan'ny fahasoavana no ahafahantsika mandresy . . .? . . .
Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany.

Tsy hamela Azy hitarika anareo ve ianareo?

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny afo, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
Ny sasany amin'ny alàlan'ny alahelo lehibe, saingy manome hira iray Andriamanitra,
Amin'ny vanim-potoan'ny alina sy ny andro manontolo.

195 Ankehitriny dia asaina ianareo, raha mihira isika, raha mandondòna eo amin'ny fonareo Andriamanitra mba hamela anareo hanokatra ny fonareo, mba hahita Ny Fanatrehany, mba hisitraka an'ireo fitahiana amin'ny maha-Tomponareo Azy, mpanapaka anareo, tsy hanadino fotsiny ve ianareo fa ato amin'ity tabernakla kely tranainy ity ianareo, ka manatona

eto amin'ny seza fiandrianan'ny Fahasoavany, ary mandohalika miaraka amin'ireo olona hafa mitomany ireo, ka hanokatra ny fonareo mba Ahafahany manokatra ny fahazoanareo, mba hahatonga anareo ho Zanany ary hanompo Azy? Mihira indray mandeha indray isika, ny andininy farany an'ity hira ity, asaina ianareo ankehitriny, avia.

Lavitra an'ilay fotaka, ary lavitra an'ilay tanimanga,
Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany;
Any ambony ao amin'ny voninahitra, andron'ny Mandrakizay,
Andriamanitra dia mitarika an'ireo Zanaka malalany.

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny fizahan-toetra lalina, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
. . . saingy manome hira iray Andriamanitra,
Amin'ny vanim-potoan'ny alina sy ny andro manontolo.

Moramora.

Ny sasany amin'ny alàlan'ny rano, ny sasany amin'ny alàlan'ny tondra-drano,
Ny sasany amin'ny alàlan'ny afo, fa ny rehetra amin'ny alàlan'ny Rà;
Ny sasany amin'ny alàlan'ny alahelo lehibe . . . (Tsy azonareo ve?) . . . hira iray,
Amin'ny vanim-potoan'ny alina sy ny andro manontolo.

196 Am-panajana no anondrehantsika ny lohantsika ankehitriny eo amin'ny Fanatrehan'ilay Mpanjakan'ny voninahitra lehibe, ilay Andrian'ny Fiadanana lehibe. Toy ny ahoana no ankasitrahanay fa nanangana ny fonareo hisokatra ho amin'io Fanahy lehibe izay manatrika ankehitriny io ianareo. "Izay manatona Ahy, dia tsy ho Laviko mihitsy." Tsy mampaninona izay ilainareo. "Na inona na inona zavatra irianareo rehefa mivavaka ianareo, dia minoa fa azonareo izy ireo, dia ho azonareo izany." Andriamanitra no manao an'izany ho antsika.

197 Ankehitriny, rankizy, raha ato amin'ny tranobe ianareo, na aiza na aiza, dia aondreho fotsiny ny lohanareo. Aoka ho tena manaja raha mivavaka ny rahalahintsika, dia hahazo an'izay nangatahanareo ianareo. Ny Tompo hitahy anareo betsaka ankehitriny, raha manohy ny hirany ilay anabavy, moramora ankehitriny. [Mivavaka Rahalahy Neville—Mpand.]

57-1208 Mitsangana Eo Am-baravarana Aho Ka Mandondòna
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



Voice Of God Recordings

P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.

www.branham.org